Mahazo Ny Vavahadin'ny Fahavalo

Manao ahoana, ny rehetra. Ary faly aho ny tafaverina eto amin'ny tabernakla indray izao maraina izao, mba hivavaka ho an'ny olona marary androany. Izany dia, ny mahazatra, dia miezaka izahay ny tonga, saiky tena matetika, ka—ka mivavaka ho an'ny olona izay tonga avy any amin'ireo toerana samihafa, ho an'ny vavaka.

Ary ankehitriny dia hiainga tsy ho ela mihitsy izahay, ankehitriny, ho an'ireo fivorian'i California sy ny Morontsiraka Andrefana. Ary azo antoka fa miangavy ny vavakareo izahay, mba hamindran'Andriamanitry ny Lanitra fo aminay any ka hanome fotoana lehibe ho anay.

Vao tonga aho, omaly, na omaly hariva, raha ny marina, tara. Ary omaly no iray amin'ny. . .Eny, afak'omaly, sy omaly, no iray amin'ireo androm-pahatsiarovana lehibe an'ny fiainako. Eto, dia mahafantatra olona roa aho fara-fahakeliny, na telo, ato amin'ny tranobe izay vavolombelon'ny fidinan'ny Tompo, omaly. Ary zavatra iray lehibe, nahafinaritra no niseho, fa tsy manam-potoana aho izao maraina izao hitenenana aminareo. Fa angamba amin'ny Alahady heriny maraina, alohan'ny iainganay, angamba manana fotoana aho, ao amin'ny Hafatra, mba—mba hiteny aminareo. Raha sitraky ny Tompo, dia ho avy aho, fara-fahakeliny mba hivavaka ho an'ny marary, amin'ny Alahady maraina. Mety mila miainga eo amin'ny mitataovovonana eo izahay, raha azo atao, ho an'ny fivorian'i San Jose any San Jose, California. Ary raha manana olona ianareo any, any amin'ny Morontsiraka Andrefana any, izany dia, mino izahay, mety ho ilay ora izay nandrasako, ela be, ilay fiovana ao amin'ny asam-panompoako izay ho avy. Ary tena akaiky izany, nihevitra aho fa ho nitranga omaly izany. Ary mino aho fa ho izao ankehitriny izao mihitsy ilay izy, ary ho any ankoatra lavitry ny zavatra rehetra izay efa hany hitantsika na henontsika izany, hatramin'izao. Ankehitriny, tsarovinareo, fa izany no HOY NY TOMPO HOE. Hitanareo? Ary noho izany dia miandry an'izany fotsiny isika, amin'ny fotoana rehetra.

Ary tokony hanana an'ilay fivoriana izahay ankehitriny any amin'ireo tanin'ny foara. Mino aho fa marina izany, sa tsy izany, Gene? Any amin'ireo tanin'ny foara any San Jose, California. Ary ho fivoriana folo andro izany, manomboka ny faha-20, hatrany amin'ny faha-29, any—any San Jose. Ankehitriny, tsarovy fotsiny izahay ary mivavaha ho anay.

Ankehitriny isika dia manana eo amin'ny, raha mivoaka ara-potoana isika, eo amin'ny adiny iray sy sasany ankehitriny, ka hanomboka ny fotoantsika hivavahana ho an'ny marary sy hitondrana ny Teny. Nisafidy aho, izao maraina izao, andalana kely iray an'ny Soratra, toerana roa ao amin'ny Baiboly, mba hiresahana.

Fa alohan'ny hiresahantsika, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny, ho an'ny vavaka.

2 Andriamanitra mpiahy indrindra, manatona am-panetretena ny Seza fiandrianan'ny fahasoavanao izahay izao maraina izao, amin'ny maha-zanaka tsy mendrika, saingy tonga miaraka amin'ny finoana an'Andriamanitra tsy mifangaro, izay nomena anay tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, sy Ny Fanatrehany lalandava miaraka aminay. Ary amin'ny alàlan'ny teny fikasana iray an'ny Tompo Jesosy, hoe raha ho tonga am-panetretena izahay ka hangataka zavatra amin'Ny Anarany, dia ho ekena ny fangatahanay. Noho izany, dia tsy hitodika amin'ireo fahatsaranay izahay, satria tsy manana anankiray tahaka an'izany izahay, fa mitodika amin'ireo fahatsaran'i Kalvary, izay nanomezana anay ny fahasoavanay maimaim-poana tamin'ny alàlan'ilay Zanak'Andriamanitra. Ary zara izahay raha afaka hihazona an'ireo ranomaso izay hikoriana eo amin'ny tendanay, rehefa mieritreritra ny aminay, ilay vahoaka tsy mendrika, sy hoe ahoana fa nohon'ny Fahasoavany teo Kalvary no Nanaovany an'izany ho anay, mba ahafahanay ho entina tena akaiky an'Andriamanitra, ho an'ny fihavanana mihitsy aza. Ary ankehitriny dia zanakalahy sy zanakavavy izahay Aminy.

3 Ary tonga izahay izao maraina izao, Tompo, eto ambanin'ity tafo kely ity, mba hanokana ny tenanay, sy ho an'ny asa, miaiky ny fahotanay, ary—ary ao amin'ny fanompoana Masina. Matoky izahay fa homba anay Ianao ka hanome anay fijery ara-panahy ny Fihavianao akaiky, mba ahafahanay manomana ny fonay isan'andro ho an'io zava-mitranga malaza izay efa nandrasana nandritry ny an'arivony taona io. Marina tokoa fa misento ny natiora rehetra, miantsoantso mba ho afahana. Ary ny fanahinay ao anatinay, Tompo, dia miaiky tsy ankitsahatra, hoe, "Mpivahiny sy vahiny izahay, ary tsy tranonay ity, fa mitady Tanàna iray izahay Izay Andriamanitra no Mpanorina sy Mpanao." Miandry an'io fotoana malaza io ho tonga izahay.

4 Tompo, ho tadidianay foana fa ireto fivoriana ireto, izay iangonanay eto, dia mivavaka ho an'ireo Zanakao izay marary sy ory izahay. Ka mangataka izahay mba Hihaonanao aminay androany amin'ny fomba iray tena hafa kely, mba hanasitrana ny aretina sy ny fahararianа rehetra eo anivonay. Ary izany dia mety, Tompo, ho io teny fikasana izay vao avy noresahako teo aloha teo io, tao amin'ilay fihaonana niaraka Taminao tany omaly, taorian'ny misandratr'andro mihitsy, ary ahoana fa Ianao dia nanamarina an'izany hatrany sy hatrany indray.

Ary tsapanay fa tena akaiky ilay ora. Ary enga anie ho ity no andro, Tompo, izay hitrangan'izany, izay Hanovanao an'ilay asam-panompoana, Tompo, ho amin'ny zavatra iray izay ho tombony kokoa ho an'ny Vahoakanao.

5 Ary ankehitriny, Ray, Andriamanitra, tsy mivavaka ho an'ireto eto fotsiny ihany izahay, fa ho an'ireo izay miparitaka manerana an'izao tontolo izao, izay manana ilaina, ara-panahy sy ara-batana. Omeo azy ireo, O Tompo, ireo fanirian'ny fony, satria mitolona ireo Zanakao ao amin'ireto andro ireto. Tena mahery ilay fampahorian'ny fahavalo, saingy Ianao dia mahery kokoa. Fa voasoratra hoe, "Lehibe Izy izay ao anatinareo noho izy izay ao amin'izao tontolo izao." Amin'ny alàlan'izany no andresenay. Mitenena aminay amin'ny alàlan'Ny Teninao voasoratra. Ka raha miala izahay izao maraina izao, dia enga anie izahay hilaza tahaka an'ireo avy tany Emaosy hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika raha niresaka tamintsika Izy teny an-dàlana?" Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, Izay nanome ny teny fikasana. Amena.

6 Hamaky avy ao amin'ny toerana roa ao amin'ny Bokin'ny Genesisy aho ankehitriny. Ny iray amin'izy ireo dia hita ao amin'ny toko faha-24, manomboka amin'ny andininy faha-56, mivaky toy izao.

> *Dia hoy izy tamin'izy ireo hoe, Aza sakananareo aho, satria ny* Tompo efa *nanambina ny làlako; alefaso aho mba ahafahako mandeha mankany amin'ny tompoko.*
>
> *Dia hoy izy ireo hoe, Hiantso an'ilay zazavavy izahay, ka hanontany izay ao am-bavany.*
>
> *Dia niantso an-d*Rebeka *izy ireo, ka nanao taminy hoe, Handeha hiaraka amin'io lehilahy io ve ianao? Dia hoy izy hoe, Handeha aho.*
>
> *Ary izy ireo dia namoaka an-d*Rebeka niaraka tamin'ny ana-. . . *anabavin'izy ireo, sy ny mpitaiza azy, ary ny mpanompon'i Abrahama,* . . .
>
> *Dia nitso-drano an-d*Rebeka *izy ireo, ka nanao taminy hoe, Ianao ry anabavinay, ho renin'ny alinalina anie ianao, ary aoka ny taranakao hahazo ny vavahadin'ireo izay mankahala azy ireo.*

7 Ary ao amin'ny Genesisy 22, andininy faha-15, no vakiantsika.

> *Ary ilay anjelin'ny* Tompo *niantso an'i Abrahama fanindroany avy tany an-danitra,*
>
> *Ka nanao hoe, Ny tenako no nianianako, hoy ny* Tompo, *satria nanao an'izany zavatra izany ianao,* ianao dia *tsy nia-* . . . *niaro ny zanakao,* ny *zanakao lahitokana:*
>
> *Dia amin'ny fitahiana no hitahiako anao, ary amin'ny fahamaroana no hanamaroako ny taranakao ho tahaka*

ny kintan'ny . . . lanitra, sy ho tahaka ny fasika . . . eny amoron-dranomasina; ary ny taranakao hahazo ny vavahadin'ny fahavalony;

Ary amin'ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany; satria ianao efa *nankatò ny feoko.*

8 Ankehitriny dia enga anie ny Tompo hanampy ny Fitahiany amin'ny famakiana Ny Teniny. Ankehitriny dia tiako ny haka, raha hantsoina hoe lahateny iray ilay izy, ny lohahevitro izao maraina izao, voalohany, dia, "Fitsapana alohan'ireo vavahady nampanantenaina." Ary ilay lohahevitra dia: *Mahazo Ny Vavahadin'ny Fahavalo.*

9 Efa nitsapa an'ilay patriarka Andriamanitra, satria nanome azy teny fikasana iray Izy. Ary rehefa manao teny fikasana iray Andriamanitra, dia Tiany ny hahazo antoka fa mendrika an'ilay teny fikasana io olona io, alohan'ny Anatanterahany an'izay Nolazainy na izay Ampanantenainy. Noho izany dia efa nampanantenaina i Abrahama fa amin'ny alàlan'ny taranany no hitahiana an'izao tontolo rehetra izao, hoe hanana zanaka iray izy. Ary, io zanany io, avy aminy no hivoaka ny Taranaka iray izay hitahy ny tany manontolo. Ary Abrahama, rehefa nomena azy ilay teny fikasana, dia efa dimy amby fitopolo taona; ary Saraha, vadiny, dia dimy amby enimpolo taona. Fa ny Baiboly dia miteny amintsika fa tsy niahanahana tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra i Abrahama, tamin'ny tsi-finoana, fa nahery izy, nanome dera ho an'Andriamanitra. Ary Andriamanitra, isan'andro, dia nitsapa azy, saingy tonga teo amin'ilay fitsapana farany izy talohan'ny nitrangan'ilay fitahiana.

10 Ary tahaka an'izany ilay izy ho an'ny Taranak'i Abrahama rehetra. Manome antsika an'io fitsapana farany io Andriamanitra alohan'ny Anomezany an'ilay teny fikasana. Ary raha azo natao, dia tiako ny hilaza zavatra iray eto, manokana, saingy tsy ho lazaiko izany. Io fitsapana farany io, dia mba hahitana hoe ahoana no hihetsehanareo eo amin'izany. Ary rehefa nanome an'io fitsapana io an'i Abrahama Izy, dia nahita an'i Abrahama tena nahatoky mihitsy noho izy fony vao nanomboka Izy. Ho fitahiana iray toy ny inona ilay izy izao maraina izao raha isika izay mandray ny Fampanantenany an'ny fanasitranana no hitsangana tena mahatoky mihitsy noho ny natokiantsika fony isika vao nitsangana teto ka nanaiky an'izany. Tsy mampaninona izay nolazain'ny dokotera, mijanòna tena mahatoky mihitsy.

11 Ary rehefa nanao an'io izy, ka tsy niaro ny zanany mihitsy, fa efa teo am-pandentehana an'ilay antsy teo amin'i tratran'Isaka, mba handrava ny fanambarany. Efa nanambara izy, nanerana ny tany fantatra rehetra izay fantany tsara, fa hahazo an'io zanaka io izy. Nefa avy eo rehefa tonga ilay zanaka, dia nangatahana

izy mba hiverina tany amin'ny fiaingana, ka handrava an'ilay fanantenana tokana izay nananany mba hahatanteraka ny fanambarany. Ary rehefa hitan'Andriamanitra fa nahatoky tamin'io finoana izay nananany tamin'Andriamanitra io izy, dia nijery avy tany an-danitra Andriamanitra ka hoy Izy hoe, "Efa nianiana tamin'ny Tenako Aho fa hitahy anao Aho ary hanamaro anao, ka ny taranakao dia hahazo ny vavahadin'ny fahavalony." Teny fikasana iray toy ny inona!

12 Ary Rebeka, izay ho renin'io zanaka malaza, nampanantenaina, nandrasana io, rehefa nantsoina ho eo amin'ilay fitsapana farany izy, ny amin'ny lehilahy vahiny iray izay tsy mbola hitany mihitsy tany aloha. Ny fiasan'ny Fanahy Masina fotsiny ihany no hitany. Ary rehefa tsy afaka nanapakevitra tanteraka ireo raiamandreniny na handeha hiaraka amin'io vahiny io izy na tsia, mba ho vadin'ny lehilahy iray izay tsy mbola hitany mihitsy, dia nentina teo amin'ilay fitsapana farany izy. "Halaintsika ilay zazavavy dia aoka izy no hiteny. Handre avy amin'ny vavany isika raha handeha izy, eny na tsia."

13 Tahaka an'izany no itondrana ny Taranak'Andriamanitra rehetra. Tsy maintsy ny vavanareo ilay izy. Te-handre avy aminareo Andriamanitra.

14 Noho izany rehefa napetraka teo amin'ilay fitsapana izy, dia tsy nisalasala iray minitra mihitsy. Hoy izy hoe, "Handeha aho." Tiako izany. Tsy hoe, "Avelao aho hanamboatra ny saiko. Avelao aho handinika an'ilay izy." Resy lahatra tanteraka izy. Izany no olona azon'Andriamanitra ampiasaina, rehefa resy lahatra tanteraka ianareo fa hihazona ny Fampanantenany Andriamanitra. Hoy izy, "Handeha aho."

15 Ary ny havany tamin'izany fotoana izany, tena voahosotra, dia tsy nahafantatra angamba, saingy efa naminany raha nametraka ny tànany teo amin'ny anabaviny izy ireo, sy ny zananivavy; ity zazavavy tsara tarehy, Jiosy tanora ity, raha nametraka azy teo ambonin'ilay rameva izy ireo ka nandefa azy ho any amin'ny tany hafa iray, eo anivon'ny vahoaka hafa. Saingy nisy Zavatra teo amin'izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Aoka ny taranakao hahazo ny vavahadin'ny fahavalony. Ho renin'ny alinalina anie ianao."

16 Ary, androany, io taranak'olona sy vahoakan'Andriamanitra io dia niely nitety ranomasina, nanerana an'izao tontolo izao. Ao amin'ilay fitsanganana dia ho tahaka ny kintan'ny Lanitra izy ireo, tahaka an'ireo hazavana mamiratra mandray ny toerany, raha mitety ny lanitra izy ireo. Ary rehefa tonga izy ireo, dia ho tahaka ny ranomasina eny amin'ny . . . na ireo fasika eny amorondranomasina. Hisy an'alinaliny amin'izy ireo.

17 "Ny taranakao hahazo ny vavahadin'ny fahavalony." Izany no fianianan'ny teny fikasan'Andriamanitra, "Ny taranak'i Abrahama."

Noho izany, tamin'ny alàlan'Ny Fanahiny Masina, hita fa io reny io dia tsy maintsy ho lasa ampahan'ilay zanaka, ihany koa, satria ampahan'ilay nofo izy ireo. Noho izany, niasa tamin'ny alàlan'ireo olona ireo ny Fanahy Masina, nanao hoe, "Izy . . . Aoka ny Taranakao hahazo ny vavahadin'ny fahavalo." Avy eo, dia nianiana Andriamanitra fa hahazo ny vavahadin'ny fahavalo Izy, noho izany dia toerana inona no ametrahan'izany an'ilay Fiangonan'Andriamanitra velona?

18 Isika no Taranak'i Abrahama. Fa, isika, satria maty ao amin'i Kristy, isika dia, mandray ny Voan'i Abrahama ka mpandova miaraka aminy, eo ambanin'ilay fianianan'ny teny fikasana iray ihany. Isika no Taranak'i Abrahama, ary mpandova ny teny fikasana rehetra izay nomena azy. Fa rehefa tonga ireo fitsapana, dia eo isika no tsy mahomby. Saingy tsy mino aho fa ny tena Taranak'i Abrahama marina dia tsy hahomby. Hijoro ho mahery fo sy mahatoky tahaka an'i Abrahama izy ireo.

19 Ankehitriny dia hitantsika fa tsy afaka milaza zavatra iray Andriamanitra na—na manao teny fikasana iray ka tsy hanatanteraka an'izany Izy. Tsy maintsy Ataony izany mba haha-Andriamanitra. Taona maro taty aoriana, rehefa io vahoaka iray io ihany, ilay vahoaka nampanantenaina, teo amin'ny diany ilay taranak'i Abrahama, nandeha nankao amin'ny—ny tany nampanantenaina iray, dia nisy vavahady iray izay nitsangana, ary nanohitra azy, ary izany dia ny rahalahiny manokana, Moaba, izay nanao hoe, "Tsy hiampita eo amin'ny taniko ianao. Hambenako izany mba tsy hiampitanao eo amin'ny taniko."

20 Hoy izy hoe, "Raha miraoka amin'ireo ahitrao ireo ombivavinay na raha hisotro amin'ny ranonao izy ireo, dia haloanay aminao izany."

Fa hoy izy hoe, "Tsy hiampita amin'ity tany ity ianao."

21 Fa voatazona ho marina ny teny fikasan'Andriamanitra. Noho izany dia nandeha izy ireo ka naka ny mpaminaniny, Balama, ary nitondra azy nidina mba hanozona an'ilay vahoaka. Ary izao no nolazainy. Niezaka izy ireo ny haneho aminy an'ilay ampahany ratsy indrindra an'ilay taranaka voatahy, saingy Andriamanitra naneho taminy an'ilay ampahany tsara indrindra an'izany. Hoy Izy hoe, "Na iza na iza manozona ny Isiraely dia ho voaozona, ary na iza na iza mitahy azy dia ho voatahy." Dia nilatsaka ilay sakana ary niampita an'ireo lemaka ny Isiraely. Andriamanitra no nampanantena fa hahazo ny vavahadin'ny fahavalony izy.

22 Taty aoriana, tao amin'ireo taona, dia tonga ny anankiray tamin'ny anarana hoe Daniela, izay tao amin'ilay laharan'io Taranaka Mpanjaka io, ary tao amin'ilay laharan'ireo teny fikasana, satria Taranak'i Abrahama izy. Ary Andriamanitra no efa nifidy azy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, mba

ho Mpaminaniny, ary niaina mahery fo sy niaina mahatoky izy. Ary na dia tao amin'ny tany vahiny iray aza, dia ninia tao ampony izy hoe, "Tsy handoto ny tenako miaraka amin'izy ireo aho." Izany no tena Taranak'i Abrahama iray; niaina tao amin'ny tany iray izay hafa, niaina teo anivon'ny vahoaka izay hafa, kanefa mahery fo tamin'io teny fikasana io. "Tsy handoto ny tenako miaraka amin'izy ireo aho. Hijanona mahatoky aho."

23 Napetrak'Andriamanitra teo amin'ny fitsapana iray tahaka ny Nataony tamin'ny rainy izy, Abrahama. Dia hoy ilay mpanjaka hoe, "Na ianao hitovy amin'ny anankiray aminay ka hanompo tahaka ny hanompoanay, na hanipy anao ao anatin'ny lavaka iray feno liona noana aho."

24 Daniela, tahaka an'i Abrahama rainy, dia nanao hoe, "Afaka manipy ahy ao anatin'ny lavaky ny liona ianao, fa tsy hiankohoka amin'ny iray amin'ireo sariolonao aho. Tsy haka ny fivavahanao ara-pototra aho. Hijanona mahatoky amin'i Jehovah aho."

25 Ary tonga teo ilay fampisehoan-kery tamin'izay fotoana izay. Nihazona ny teny fikasany ilay mpanjaka ka naka an'ilay mpaminany, na nampaka azy dia nanipy tao anatin'ny lavaky ny liona. Ary rehefa ireo liona, ilay fahavalon'i Daniela, no nihazakazaka haingana nankeo amin'ilay mpaminany, dia nihazona ny Fampanantenany Andriamanitra. Nahazo ny vavahadin'ny fahavalony izy. Nampitsangana Anjely iray teo anoloan'ireo liona Andriamanitra, ary naka an'ilay vavahady. Mihazona ny Fampanantenany Andriamanitra. "Hahazo ny vavahadin'ny fahavalony izy." Andriamanitra no niteny an'izany.

26 Avy eo dia mbola nisy telo amboniny tany izay efa nivoady tamin'ny tenany ho mahatoky amin'ilay antony, izay Taranak'i Abrahama marina tokoa, ary izany dia Sadraka sy Mesaka ary Abednego, ary napetraka teo amin'ilay fitsapana izy ireo. Dia hoy izy ireo hoe, "Raha tsy miankohoka ianareo rehefa mandre an'ireo harpa tendrena sy ireo trompetra tsofina, raha tsy miankohoka amin'ny fivavahanay ianareo, ka miala amin'ireo zavatra izay ianareo—izay tohananareo! Fa dondrona ianareo rehetra, na ahoana na ahoana. Tsy mihoatra noho ny an'olonkafa ny fivavahanareo." Tsy mandre an'izany mandrakariva ve isika? Fa ny—ny fivavahan'i Jesosy Kristy dia hafa. Ny herin'ny Fitsanganany dia hafa. Vahoaka hafa iray isika, vahoaka iray hafahafa, fisoronam-panjaka iray. Andriamanitra no manao an'ilay fahasamihafana.

27 Fa rehefa hoy izy ireo hoe, "Tsy maintsy ho lasa isanay ianareo." Ho nety tsara tamin'i Sadraka sy Mesaka ary Abednego mihitsy izany raha te-ho lasa isan'izy ireo, saingy tsy ho lasa ho isan'ireo vahiny ireo mihitsy izy ireo. Ankehitriny, hoy izy ireo hoe, "Raha tsy manao an'izany ianareo, dia manana varavarana iray mankany amin'ny lafaoro iray izahay eto, izay azonay

sokafana ka hanipy anareo ao anatin'izany, ary haniry ny ho lasa isanay ianareo."

28 Nahatsiaro an'ilay teny fikasana izy ireo. Nandeha avy hatrany nankao amin'ilay lafaoro afo izy ireo. Ary rehefa nanokatra an'ilay varavarana izy ireo ka nanipy azy ireo tao anatin'ireo lelan'afo, ny fahavalony izay tokony handevona azy ireo, dia izy ireo no nahazo ny vavahadin'ny fahavalony. Nandefa Ny Zanany tao anatin'ireo lelan'afo Andriamanitra ka nampangatsiatsiaka an'ireo rivotra malefaka, ary niresaka tamin'izy ireo vetivety raha mbola tao anatiny tao izy ireo. Voatazona ho marina ny teny fikasan'Andriamanitra. Nahazo ny vavahadin'ny fahavalo izy ireo. Notsapaina aloha, avy eo dia nahazo ny vavahadin'ny fahavalo.

Tsy Jesosy ve No nanao an'ilay teny fikasana? "Raha mitondra fahatafintohinana amin'ny iray amin'ireto madinika kely ireto aza ianareo, dia tsaratsara kokoa ho anareo ny hanantonana vato fikoseham-bary eo amin'ny tendanareo ka hatsipy any amin'ny ranomasina lalina. Aza mitondra fahatafintohinana akory aza amin'ireto madinika kely izay mino Ahy ireto. Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino Ahy."

29 Nanao fahasamihafana iray Izy. Nanao fanehoana iray Izy hoe iza no nino ary iza no tsy nino.

Misy, isan'andro, dia misy vondron'olona telo, izany dia: ilay tsi-mpino, ilay mody-mpino, ary ilay mpino. Fa Andriamanitra dia manana fomba iray hanaporofoina hoe iza no mpino iray. Io mpino io dia hijoro mafy eo amin'izay lazain'Andriamanitra ho ny Fahamarinana. Eny.

30 Izany dia Elia, ilay Tisbita, rehefa tonga teo amin'ny fampisehoan-kery iray ilay izy, hany ka nihevitra izy fa izy irery sisa no anankiray tao amin'ilay firenena izay hany velona ho an'Andriamanitra. Ary nametraka azy teo ambanin'ny fizahan-toetra iray ilay mpanjaka. Ary nanenjika azy izy ireo. Ary io mpanjakavavy kely, niloko tarehy io, amin'ny anarana hoe Jezebela, dia nandrahona ny ainy. Ary rehefa tonga teo amin'ny fampisehoan-kery ilay izy, dia nahazo ny vavahadin'ny fahavalony i Elia ka namerina an'ilay firenena manontolo tamin'Andriamanitra indray. Mihazona ny Fampanantenany Andriamanitra.

31 Izany dia Mosesy, izay tao amin'ilay laharan'io Taranaka mpanjaka io ihany koa, ilay Taranak'i Abrahama, ka rehefa nirahina hankany Egypta izy, mba hanafaka an'ireo zanak'Isiraely; dia nanome azy an'ireo famantarana sy fahagagana mba hatao Andriamanitra, sy hikapoka ny tany, ka hamoaka sahona, sy parasy, sy aizina, sy havandra, sy orana, ary afo, sy nanao an'ireo fahagagana rehetra ireo. Kanefa, rehefa namoaka azy ireo tamin'ny tànan'i Jehovah izy, dia

tonga ny fotoana iray izay nihaonany tamin'ilay vavahady teo anelanelany sy ilay tany nampanantenaina. Teo ilay Ranomasina Mena, sakana iray nitsivalana teo amin'ilay làlana. Izy ireo dia voahodidin'ny tafik'i Farao, ireo tendrombohitra, sy ireo tany efitra, ary ilay Ranomasina Mena. Fa nandroso i Mosesy ary nahazo ny vavahadin'ny fahavalony, ka niampita an'ilay Ranomasina Mena, maina tankina, toy ny hoe nandeha teo amin'ny làlana iray nisy vovoka izy. "Hahazo ny vavahadin'ny fahavalo izy." Andriamanitra no niteny an'izany, dia milamina hatreo izany.

32 Taona vitsy taty aoriana rehefa tonga ireo fizahan-toetra, dia voahozongozona tanteraka ilay fiangonana, satria tena mora ho an'ny fiangonan'ny vahoaka iray ny manao an'izany rehefa misy zavatra iray izay toa mitranga tsy arak'izay natao hitrangany. Tahaka an'izany no anaovan'Andriamanitra azy. Mitondra fanenjehana ao amin'ilay fiangonana Andriamanitra hoe, "Ny zanaka rehetra izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy zahan-toetra, sy voaporofo, ary tsapaina." Mamela ny aretina hamely anareo Izy. Mamela ny fahararianа ho tonga eo aminareo Izy, mba hitsapana anareo sy hanaporofoina anareo, hanehoana amin'izao tontolo izao fa tena Taranak'i Abrahama marina tokoa ianareo. Mamela an'izany nohon'ny Sitrapony Manokana Izy. Mamela an'ireo loza Izy. Mamela an'ireo sakaiza hivadika hanohitra anareo Izy. Mamela an'ireo zavatra rehetra ireo Izy, ka mamotsotra ny devoly, mba haka fanahy anareo. Ary hanao ny rehetra izy afa-tsy ny maka ny ainareo. Afaka hanipy anareo eo amin'ny fandriam-pahoriana iray izy. Afaka hamadika an'ireo mpiara-monina aminareo hanohitra anareo izy. Afaka hamadika an'ilay fiangonana hanohitra anareo izy. Afaka manao ny zavatra rehetra mihitsy izy, ary sitrapon'Andriamanitra ny hanaovany an'izany. Nampianarina isika fa izany dia sarobidy kokoa noho ny volamena, amintsika.

33 Ahoana ny amin'i Abrahama niaraka tamin'i Isaka, teo amin'ilay tendrombohitra, ilay anankiray izay nomena ny teny fikasana? Ary nohon'ny fahatokiany sy ny fahafantarany, ary ny finoany an'i Jehovah, dia tamin'ny alàlan'izany, ary izany irery ihany, no nijeren'Andriamanitra ambany ka nanao hoe, "Ny Taranany dia hahazo an'ireo vavahady. Efa nianiana tamin'ny Tenako Aho fa Hataoko ireo zavatra ireo." Tsy misy anankiray lehibe kokoa izay Azony ianianana, dia nianiana tamin'ny Tenany Izy.

Noho izany, raha namela an'i Abrahama ho voatsapa hatreo amin'io faritra farany io Izy, dia tsy maintsy hitsapa ahy sy ianareo ho amin'io fotoana farany io Izy, io fotoan'ny fanapahan-kevitra io rehefa miala lavitra anareo ny zavatra rehetra. Tsy maintsy hijoro irery ianareo eo. [Mandondòna ny polipitra indroa Rahalahy Branham—Mpand.] Haleloia! Izay ilay izy.

34 Mijoroa irery. Mandrosoa eo ka manaova hoe, "Na dia hamono ahy aza Izy, dia mbola hatoky Azy foana aho." Izany no Taranak'i Abrahama. Izany ilay Anankiray izay nanome ny teny fikasana. "Tsy mampaninona izay lazain'ny sisa amin'izy ireo, izay ataon'ny sisa amin'izy ireo; fa izaho sy ny ankohonako, dia hanompo an'Andriamanitra izahay." Hoy izy, "Raha milaza ny sisa amin'izy ireo hoe, 'Tsy misy na inona na inona amin'ilay fahatsapana. Andiana fientanentanana iray izany'; fa izaho sy ny ankohonako, dia hanompo an'Andriamanitra izahay."

Ary tiako ny hikambana mihitsy amin'i Paoly eto, ka hanao hoe, "Eo amin'ny làlana izay antsoin'izy ireo hoe 'sekta' no hanompoako an'ilay Andriamanitry ny razantsika."

"Na dia miditra ao am-piangonana aza ireo mpifosafosa, na dia mpihodina aza izy ireo, ary na dia ho karazana mpaminany sandoka rehetra aza izy ireo ka miditra ao am-piangonana eo anivon'ny olona ny zavatra rehetra, ary ao amin'ny mpiaramonina sy ny sisa; fa izaho sy ny ankohonako, dia hanompo ny Tompo izahay. Na dia hijanona tsy ho avy aza izy rehetra ireo, ary na dia miha-mangatsiaka aza ny fiangonana, tsy miraika; izaho sy ny ankohonako, dia hanompo ny Tompo izahay. Na dia nivavahana aza ny olona iray ka tsy nety salama; tsy misy idiran'izany; fa izaho sy ny ankohonako, dia manompo ny Tompo izahay." Ireo fitsapana sy fizahan-toetra.

35 Tsy ny olona no tsy mety diso, fa Andriamanitra. Ny olona, raha mametraka ny fisainanareo eo amin'ny olona iray ianareo, dia hanao fahadisoana iray izy. Angamba tsy fanahy iniana, saingy hanao an'izany izy. Andriamanitra no mamela azy hanao an'izany mba Ahafahany manetsika ny finoanareo hiala lavitra an'ilay lehilahy. Tsy ao amin'ny fahendren'olona ny finoantsika, fa ao amin'ny herin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy. Eo amin'izany no anankinan'ilay tena Taranak'i Abrahama marina ny teny fikasany. Satria, rehefa mandray ny Fanahy Masina irery ihany izy ireo vao afaka ny ho Taranak'i Abrahama. Raha tsy misy ny Fanahy Masina dia tsy Taranak'i Abrahama izy ireo. Io finoana iray ihany izay tao amin'i Abrahama io no miditra ao amin'ilay mpino. Tsy mampaninona izay miseho na mifanohitra toy ny ahoana, manohy avy hatrany ilay mpino.

36 Niverina ireo mpisafo tany ka nanao hoe, "Oh, izany dia—izany dia fahadalana ny manandrana. Tsy ilaina ny mandeha lavidavitra intsony, satria tena olom-be ireo olona any ireo. Ary manana governemanta lehibe izy ireo, ary izy ireo—manana lefona izy ireo, ary, nahoana, isika aza dia toy ny tsingentana eo anilan'izy ireo."

37 Tsy fantatro, saingy resy lahatra aho mba hino eto fa Josoa dia bitika kely iray tsy tonga volana fotsiny, lehilahy bitika kely iray fotsiny, kely. Toy ny hitako izy mitsambikina, eo—eo ambonin'ny karazana kesika iray, ka nanao hoe, "Ry lehilahy sy rahalahy," teo amin'ireo vahoaka roa tapitrisa, "isika dia

mihoatra noho ny afaka haka azy ireo." Hitanareo? Nahoana? Teo ilay Taranak'i Abrahama. Andriamanitra no nanome an'ilay teny fikasana. Fananan'izy ireo izany. Andriamanitra no nanome an'ilay teny fikasana. Tsy mampaninona na inona na inona ilay fanoherana, ilay tena Taranak'i Abrahama marina dia nanao hoe, "Afaka maka azy isika satria Andriamanitra no nanome azy ho antsika."

38 Eo no itsangananareo izao maraina izao. [Mitehaka ny tànany indroa Rahalahy Branham—Mpand.] Eo no mitsangana ilay Fiangonan'Andriamanitra velona. Tsy ahoako izay lazain'olon-kafa, izay lazain'ny dokotera, na inona na inona, izay lazain'ilay tsy-mpino, mahavita miatrika mihoatra noho ny zavatra rehetra izay tonga isika. Taranak'i Abrahama isika, ary hahazo ny vavahadin'ny fahavalontsika isika, tsy mampaninona na inona na inona ilay fahavalo. Andriamanitra no nanome an'ilay teny fikasana. Azy ireo izany, fananan'izy ireo.

39 Fananananareo ny fahasitranana. Fananananareo ny famonjena. Fananananareo ny Fanahy Masina. Ary misy mpitory teny lehibe, an'arivony sy ny sisa eto amin'ny firenena androany, izay manao hoe, "Tsy tahaka an'izany ilay izy." Fa ny Taranak'i Abrahama dia mahafantatra fa tahaka an'izany ilay izy. Miroboka avy hatrany izy ireo ka mahazo ny vavahadin'ny fahavalo. Andriamanitra no nilaza fa hahazo izy ireo. Mino an'izany izy ireo satria teny fikasana iray izany. "Ny Taranany dia hahazo ny vavahadin'ny fahavalo." Ankehitriny ianareo dia handalo amin'ireo fitsapana, fizahan-toetra.

40 Dia nitsangana teo Josoa, nahatoky. Hoy ilay lehilahy kely hoe, "Tsy ahoako na goavana toy ny ahoana aza izy ireo. Tsy ahoako na karazana lefona inona no ananan'izy ireo, avo toy ny ahoana no rindrin'ireo tanànany, ary lehibe toy ny ahoana izany. Ny teny fikasantsika dia, hoe, 'Ilay vavahady dia ho azon'ny Taranaky ny zanak'Andriamanitra,' ka handeha haka azy ireo isika. Mihoatra noho ny hiatrika azy ireo isika." Oh, izany no tena Taranaka marina.

41 Maro tamin'ireo izay teraka, ho voa ara-boajanahary, no nanao hoe, "Tsy afaka manao an'izany fotsiny isika. Tsy ilaina ny manandrana. Hitanareo, vitsy an'isa isika. Ratsy kilasy isika; ny zavatra rehetra isika." Tsy mampaninona, izy tsy. . . Izy ireo dia nijery an'ilay. . . izay hitan'ny maso. Fa Josoa nijery an'izay nolazain'Andriamanitra.

42 Tsy mijery ny iray amin'ireo zavatra ara-boajanahary ny Taranak'i Abrahama. Mijery an'izay nolazain'ny Tompo izy ireo. Ny teny fikasana izany. Ahoana moa raha nijery tany amin'ilay ara-boajanahary i Abrahama? Teo amin'ny vehivavy iray zato taona. . . Sivifolo, izany izy. Ary izy dia zato. Ary efa niaina niaraka taminy hatramin'ny naha-tovovavy kely iray azy, ary izy zazalahy kely iray, ary tsy nanana taranaka. Tsy nijery an'ireo zavatra ireo izy. Nilaza izy fa nihevitra an'ireo zavatra

ireo ho toy ny tsy nisy izy ireo, fa nijery fotsiny ihany an'izay nolazain'Andriamanitra. "Hitahy anao Aho, ry Abrahama, ary Izaho hanome anao taranaka amin'ny alàlan'i Saraha." Dia nino an'izany izy. Aza mijery an'ilay fanoherana ianareo. Mijery an'izay nolazain'Andriamanitra isika. Andriamanitra no nilaza an'ilay izy, dia milamina hatreo izany.

43 Koa noho izany rehefa tonga teo amin'ny Jordana izy, rehefa natao ho lohan'ny komandin'ny tafika i Josoa, dia tonga teo amin'ny tena moron'ilay rano izy ireo ary afaka nijery ny teny am-pita ka nahita an'i Jeriko. Saingy, teo anelanelan'izy ireo, rehefa nanao ny tafiny ho vonona i Josoa, dia nisy vavahady iray teo. Io vavahady io dia nantsoina hoe Jordana.

Fa mety amin'ny vavahady rehetra ny teny fikasan'Andriamanitra. Tsy mampaninona na inona ilay vavahady, mety ny teny fikasan'Andriamanitra. "Hahazo ny vavahadin'ny fahavalony izy." Milamina hatreo izany.

Rehefa tonga teo amin'ny Jordana izy tamin'io maraina io, angamba, hino aho fa ny devoly dia nanao an'ireo rahon'ny tafiodrivotra nihantona hatraiza hatraiza, nikodiadia ireo ranompotaka goavana ratsy, ravan'ny tondra-drano nanerana ireo saha. Oh, fotoam-pitsapana iray toy ny inona! Fa hoy Josoa hoe, "Mivonòna, ho hitanareo ny Voninahitr'Andriamanitra." Dia nanamasina ny tenany izy ireo ary vonona, nivonona nefa ny zavatra rehetra dia toy ny nifanohitra. Saingy izany ilay Taranak'i Abrahama, izay nianianan'Andriamanitra hoe, "Homeko azy ny vavahady." Tonga teo amin'ny Jordana izy, izany no vavahadiny, ary azony izany.

44 Iray amin'ireo maraina any dia tsy maintsy ho tonga eo amin'io vavahady farany io ihany koa aho. Tsy maintsy ho tonga eo amin'ny Jordana ianareo, saingy ny Taranak'i Abrahama dia hahazo an'ilay vavahady. Tsy mampaninona na inona na inona ilay izy, hahazo ny vavahadin'ny fahavalo rehetra izy.

45 Lehilahy malaza ireo lehilahy rehetra ireo. Maty tao amin'ilay laharana izy ireo. Saingy, tamin'ny farany, indray andro tao Betleheman'i Jodia, dia teraka ilay Taranaka Mpanjaka. Fa, ny sisa rehetra tamin'izy ireo dia aloka fotsiny. Teraka ilay Taranaka Mpanjaka, tsy avy tamin'ny lehilahy iray. Fa nateraky ny virijiny iray Izy, niaraka tamin'ny Hery tao amin'ireo Làlan-dràny, handresy ny fahafatesana sy ny helo. Nanao teny fikasana iray Andriamanitra. Ny olona tsotra iray dia tsy afaka manao an'izany. Fa raha Andriamanitra no manao teny fikasana iray, dia Izy fotsiny no ilay Andriamanitra iray ihany izay naha-izy Azy minitra vitsy teo aloha teo, niaraka tamin'i Abrahama, Jehovah-jire, ny Tompo no hanomana ny fomba hahazoana an'ilay vavahady. Ahoana no hanaovantsika an'izany? Maty Josoa. Maty i Mosesy. Maty ny sisa tamin'izy ireo. Saingy hoy Andriamanitra hoe, "Hahazo ny vavahadin'ny fahavalony izy." Ahoana no hahazoany ny fahafatesana? Izy

dia manana fomba iray fanaovana zavatra. "Hahazo ny vavahadin'ny fahavalony izy."

46 Teraka ilay Taranaka Mpanjaka. Nalaim-panahy tamin'ny fomba rehetra tahaka antsika Izy. Tahaka ny tsy maintsy hakana fanahy anareo, dia toy izany koa Izy. Nitondra Azy haingana ny devoly, rehefa nandray ny Fanahy Masina Izy, tany amin'ilay an-efitra nandritry ny efapolo andro sy alina, mba halaim-panahy. Ary rehefa nivoaka Izy . . . Ary tamin'ny Fahafatesany, dia nandentehan'izy ireo fantsika teo amin'ny Tànany, ary nororainy ny Tavany. Nandalo tao amin'ny aretina rehetra Izy. Saingy rehefa teto an-tany Izy, dia Noporofoiny fa afaka nandresy ny aretina Izy. Rehefa nandry narary ny renin'ny vadin'i Petera, an'ny fahalemena iray, dia nikasika ny tànany izy ka niala taminy ny tazo. Rehefa niantsoantso teo amin'ny vavahady ilay boka hoe, "Maloto! Maloto! Raha Sitrakao, afaka manao ahy ho salama Ianao."

47 Hoy Izy hoe, "Sitrako. Aoka ho salama ianao." Nandresy Izy ka naka ny vavahadin'ilay habokana. Naka ny vavahadin'ireo tazo Izy.

Nanao ny natiora rehetra hankatò Azy Izy. Taranak'i Abrahama Izy, ilay Taranaka Mpanjaka, ilay Anankiray izay nomena ny teny fikasana; ho Azy, Abrahama sy ilay Taranaka rehetra izay nanaraka azy, hatrany amin'ilay Taranaka Mpanjaka, ary ny Taranaka rehetra nanaraka Azy. Marina ny teny fikasan'Andriamanitra. Nandresy ny aretina Izy.

Nandresy ny fakam-panahy Izy. Rehefa nandrora teo amin'ny Tavany ilay fahavalo, namelaka ny Takolany, dia Natolony ilay ilany hafa. Rehefa nanongotra ny volombava avy teo amin'ny Tavany izy ireo ka nandrora teo Aminy, dia tsy namaly nivazavaza mihitsy Izy. Naharesy ny vavahadin'ny fakam-panahy Izy ka naka an'izany.

48 Dia hoy ianareo hoe, "Tsy hamela ahy hanao an'izany ny fahatezerako." Ianareo, Taranak'i Abrahama, eny, tompoko, Izy no nandresy an'izany ho anareo.

49 Rehefa nivazavazaina Izy, dia tsy namaly nivazavaza Izy. Rehefa noesoina Izy, dia nihazona ny Filaminany Izy. Rehefa nantsoina hoe devoly iray Izy, dia nihazona ny Filaminany Izy. Nanana asa anankiray Izy, ary izany dia ny asan'ny Ray, ka nandeha nanao an'izany Izy. Avy eo, tamin'ny farany, dia nitondra Azy teo amin'ny hazo fijaliana iray izy ireo. Tsy maintsy nanatrika Azy ny fahafatesana. Ny sisa rehetra tamin'izy ireo dia efa nandresy ny ranomasina, ary efa nandresy ny natiora izy ireo, ary efa nandresy ny liona izy ireo, ary efa nandresy ny afo izy ireo. Nandresy ny zavatra rehetra izy ireo afa-tsy ny fahafatesana. Fa indro ny Anankiray namely tao amin'ny Ati-dohany, ireo Làlan-dràny, ka nanana ny Herin'ny fandresen'ny fahafatesana. Noho izany dia nalain'izy ireo ny

Tànany ka nampandry Azy ary namantsika Azy teo amin'ny hazo fijaliana iray. Nikapoka Azy izy ireo ary nendahan'izy ireo Izy hany ka nandinika Azy ireo Taolany. Fa rehefa nanao izy ireo, ka nanao an'izay rehetra azon'izy ireo natao, dia namely Azy ny fahafatesana, nanao hoe, "Ankehitriny dia haka Anao tahaka ny nakako an'i Josoa aho. Haka Anao tahaka ny nakako an'i Daniela aho. Ary hanao an'ity rehetra ity aho, satria hanao Anao ho faty aho."

50 Dia maty Izy hany ka menatra ny tenany ny masoandro. Maty Izy hany ka menatra ny natiora ary tsy nety niasa. Nilentika teo afovoan'ny andro ny masoandro. Tsy nivoaka ireo kintana. Maty Izy hany ka tena mainty ireo singa ka tsy afaka nahita ny tànanareo teo anoloanareo ianareo, teo afovoan'ny andro. Azoko eritreretina ny natiora nanao hoe, "Avelao aho ho faty miaraka Aminy."

51 Rahalahy! Avy eo dia nalefan'ny devoly tany amin'ny lavaka tsy hita noanoa an'ny helo ny Fanahiny sarobidy. Teo no nisokatra ireo vavahady, saingy nivoaka Izy tamin'ny andro fahatelo, nandresy an'izany. Amena. "Ny Taranany hahazo ny vavahadin'ny fahavalo." Nandresy ny fahafatesana! Nandresy ny helo Izy. Tamin'io marainan'ny Paska voalohany io, dia nandresy ny fasana Izy. Ankehitriny dia mijoro isika, mihoatra noho ny mpandresy, amin'ny Alàlany Izay tia antsika.

52 Tamin'ny Andron'ny Pentekosta dia nandefa ny Fanahy Masina Izy, mba hanohy, amin'ny alàlan'ireo Jentilisa, mba hamoaka Taranaka iray an'ny teny fikasana. Mba hanome an'ireo Jentilisa, ireo voaroaka, mba hanome azy ireo ny batisan'ny Fanahy Masina, mba hitondra azy ireo ao amin'ilay Fampanantenana. Ankehitriny dia manana zò iray handresy ny aretina rehetra isika. Tsy mila mandresy an'izany isika; efa resy izany. Tokony hitaky an'ilay teny fikasana fotsiny isika ka mandeha maka an'izany. Efa resy izany. Resy ny fahafatesana. Resy ny helo. Resy ny aretina. Resy ny fakam-panahy. Resy ny devoly rehetra. Resy ny helo. Resy ny fahafatesana. Resy ny fasana. Mitsangana ao amin'ilay vavahady isika, maka azy, tsy mila mandrehitra fitifirana iray. Efa voaloa izany.

53 Ny Fahavalony, Izy no hahazo ny vavahadin'ny fahavalony. Firy? An'alinaliny. Izy no handresy ny fahavalony, ny fahavalo rehetra. Nitsangana tamin'ny maty Izy. Mahazo an'izany isika satria Izy no nanome an'izany ho antsika. Fanomezana maimaim-poana tanteraka izany, ankoatran'izany rehetra izany, sy ny zavatra rehetra izay efa Nataony, ary nandresy ny vavahady rehetra. Nandresy ny aretina Izy, naka an'ilay vavahady. Ny zavatra tokana tokony hataontsika dia ny mandroso hatreo amin'ilay vavahady, manao hoe, "Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Mpandresy!" Amena.

54 Rehefa tonga ny fotoana hahafatesana, ka hoy ny fahafatesana hoe, "Diniho aho manao azy handà ny fivavahany."

55 "Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mihemora, ry Jordana!" Maka an'ilay vavahady ny Taranak'i Abrahama.

56 Nahoana, Paoly no nilaza, rehefa vonona ny hanapaka ny lohany izy ireo, Taranak'i Abrahama iray, hoy izy hoe, "Ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao? Ry fasana, aiza ny fandresenao? Isaorana anie Andriamanitra Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy."

57 Hahazo ny vavahadin'ny fahavalony izy, haka an'izany. Ankehitriny, tsy voavely izy eo am-bavahady. Handresy an'izany izy ary haka an'izany. Hahazo an'izany izy. Izany no Heriny manokana.

58 Ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra velona, izao maraina izao, no mipetraka ilay Hery hanasitrana ny aretina rehetra. Ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra velona no mipetraka ny Hery handresy ny fakam-panahy rehetra. Ao amin'ny fananan'ny Fiangonan'Andriamanitra velona, izao maraina izao, no mipetraka ilay Hery hamatotra ny fahotana sy hanipy azy lavitra, ka handray ny batisan'ny Fanahy Masina, ao amin'ny Fiangonan'i Jesosy Kristy.

"Na inona na inona irianareo, dia angataho amin'Ny Anarako, fa homena anareo izany. Vetivety foana, ary izao tontolo izao (ilay tsy-Taranaka, ilay voa tsy nateraka indray) dia tsy hahita Ahy intsony. Fa ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao." Inona? Ilay Taranaka Mpanjaka. "Ireo asa izay Ataoko, no hataonareo koa. Hanamarina ny Tenako Aho fa momba anareo Aho, satria izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino."

Hahazo ny taranaky ny fahavalony izy. Hahazo izy. Ny Taranany hahazo ny vavahadin'ny fahavalony, tsy mampaninona na inona na inona ilay vavahady. Raha aretina izany, fakam-panahy, fahotana, na inona na inona ilay vavahady, efa resy izany. Ary ny Taranak'i Abrahama no mahazo an'izany.

59 Tsy faly ve ianareo, izao maraina izao, ny mahafantatra fa mijoro mihoatra noho ny mpandresy iray isika ankehitriny, mihoatra noho ny mpandresy iray? Oh, tsy misy na inona na inona iadiana. Efa tapitra ny ady. Efa nitsoka ny kiririoka. Efa nitsangana ny saina. Ary eo afovoan'ny antontam-pahotana rehetra, eo afovoan'ny efitry ny marary rehetra, no misy an'ilay hazo fijaliana henjana, natsatoky ny Ràn'i Jesosy Kristy, Mpandresy iray. Ny zavatra tokana ataontsika dia ny mino, mijery dia velona.

"Homba anareo Aho. Hanaporofo Aho. Tonga eo amin'ireo andro farany ny olona, ka manao hoe, 'Oh, eny, *nisy* izany.' Fa homba anareo Aho. Ary ireo tena zavatra Nataoko mihitsy, teto an-tany, Izaho ho ao anatinareo, no manao an'ilay tena

zavatra iray ihany. Amin'izay fotoana izay dia hahafantatra izy ireo. Hahita Ahy izy ireo. Ny . . . Ny Oloko no hahita Ahy. Ny Taranak'i Abrahama no hahita Ahy. Hahafantatra Ahy izy ireo. Hahalala Ahy izy ireo. Ireo hafa dia hiantso Ahy hoe, 'Belzeboba,' tahaka ny efa nataon'izy ireo mihitsy. Fa ianareo no hahafantatra Ahy, satria homba anareo Aho. Ianareo no hahita Ahy, hahita amin'ny masonareo. Ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao mihitsy aza, ireo tena zavatra iray ihany izay Ataoko. Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa, ilay karazana asa iray ihany."

60 Ary, androany, ilay Fiangonan'Andriamanitra velona dia manana ny tombontsoa hitsangana sy hahita an'ilay fandresena, Jesosy Kristy nitsangana, ilay Zanak'Andriamanitra velona, mitsangana manatrika, velona ao amin'Ny Fiangonany, manao an'ilay zavatra iray ihany izay Nataony tamin'izany fotoana izany. Noho izany dia mahazo ny vavahadin'ny fahavalo rehetra isika.

61 Raha manana fahavalo iray ianareo izao maraina izao, amin'izay fotoana izay, ry rahalahiko, dia misy fotsiny . . . Raha Taranak'i Abrahama iray ianareo, rehefa avy nandre an'izao, dia tsy misy devoly betsaka ao amin'ny helo afaka hihazona an'io vavahady io eo anoloanareo. Hisokatra izany. Tsy ahoako na inona na inona ilay izy. Mandrosoa eo ianareo, amin'ny maha-Taranaka nampanantenaina iray, manaova hoe, "Mitaky an'ity ho ahy aho. Ahy ity, satria Andriamanitra efa nianiana fa hanangana an'i Jesosy Izy, ary, amin'ny alàlan'i Jesosy, no handreseko azy. Tonga amin'ny Anaran'io Mpandresy io aho, Jesosy Kristy. Mihemora. Mandalo aho." Amena. "Hahazo ny vavahadin'ny fahavalo izy." Avy eo dia mitsangàna eo, miaraka amin'ny sorokareo mahitsy sy ny ampinganareo mamiratra, voasaron'ny Ràn'ny Tompo Jesosy. Hahalala an'izany ilay fahavalo.

62 Raha manana ilaina ianareo, dia miresaha Aminy ankehitriny raha mivavaka isika, ianareo ato, izao maraina izao, raha manondrika ny lohanareo ianareo. Ary raha manana ilaina iray ianareo, dia hanangana ny tànanareo fotsiny mankany amin'i Jesosy ve ianareo? Ary teneno ao am-ponareo fotsiny izany, ao am-ponareo, ka manaova hoe, "Tompo, Fantatrao izay ilaiko. Ankehitriny, dia efa nandre aho, izao maraina izao, ary izany no Baiboly hoe, 'Hahazo ny vavahadin'ny fahavalo izy.' Tonga hahazo an'ilay vavahady aho. Angamba manana fahatezerana iray aho. Angamba mila ny Fanahy Masina aho. Namatotra ahy ny fahotana. Manana ilaina aho. Fa tonga eo amin'ilay vavahady aho ankehitriny. Haka azy aho, izao maraina izao, ny vavahadiko. Noho izany, mirodàna, mandalo aho."

63 Tompo finaritra, Hitanao ireo tànana rehetra ireo. Ary Fantatrao fa ity No Teninao, Tompo. Nanonona an'Izany

fotsiny aho, ary nitondra nanerana an'ireo Soratra. Ireo olon'ny Baiboly, hoe ahoana no nandresen'izy ireo fanjakana sy niasa fahamarinana, ary namono ny afo, ny fidedadedan'ny afo, sy afaka tamin'ny lelan-tsabatra, ary nanakombona ny vavan'ny liona, ary, oh, ambonin'izany, ireo vehivavy dia nandray ny azy efa maty niverina tamin'ny fiainana, ary zavatra maro, satria Ianao no nampanantena an'izany. Izany no Fampanantenanao hoe, "Ny Taranany." "Ny Taranakao, ry Abrahama, dia hahazo ny vavahadin'ny fahavalo." Ary mihazona ny Fampanantenanao Ianao.

64 Ankehitriny dia omeo azy ireo, Tompo, ny fanirian'ny fony. Enga anie izy ireo handeha manomboka eto ho olona hafa iray. Enga anie izy ireo handeha, mahafantatra fa izy ireo dia—mpandresy izy ireo, satria ilay Taranaka Mpanjaka no nandresy ho azy ireo. Ilay Mpanjaka Manjaka, rehefa tonga Izy, nateraky ny virijiny iray, dia nandresy ny fahavalo rehetra Izy, hatramin'ny fahafatesana mihitsy aza. Noho izany dia tsy afaka mampitahotra an'ilay Taranak'i Abrahama ny fahafatesana izy tenany. Manana an'ilay teny fikasana izahay hoe izahay no handova ny tany, ary hiverina indray ao amin'ny fomba be voninahitra kokoa, ao amin'ny vatana iray nomem-boninahitra, rehefa voapetraka eo ambanin'ny tongotra ilay fahavalo farany, an'ilay zanak'Andriamanitra tokana sy farany izay hiditra ao amin'ny Fanjakana.

65 Raha misy amin'ireo izay manana ny tànany mitsangana, Tompo, izay mpanota, dia vonjeo izy ireo. Ireo izay niverin-dàlana, dia avelao izy ireo hahafantatra fa tsy tokony hijanona ho mpiverin-dàlana izy ireo. Afaka mahazo an'io vavahadin'ny fiverenan-dàlana io Izy. Angamba io anankiray miaraka amin'ny fahatezerana io, ny—ny fiteny ratsy, maloto, na fo mpitsiririra, na ilay tendan-kanina, eo amin'ny vola, na—na zavatra maloto iray, avelao izy ireo hahafantatra fa afaka mahazo an'io vavahady io izy ireo. Angamba aretina izany, Tompo, fahoriana. Afaka mahazo an'io vavahady io izy ireo hoe, "Fa Izy dia voalefona nohon'ny fahotantsika, notorotoroina nohon'ny helotsika. Ny famaizana ho an'ny fiadanantsika dia natao teo Aminy, ary ny Dian-kapony no nahasitranana antsika." Mpandresy izahay, izao maraina izao. Ekeo izany, Tompo.

Ary ankoatran'izany rehetra izany, ilay asa lehibe izay vita tamin'ny Alàlany, dia mbola momba anay Izy. Kanefa, Izy no nampanantena fa Izy no hanao an'izany. "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao, fa ianareo no hahita Ahy; satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'ny taona." Mivavaka aho, Ray, mba Hampahafantaranao ny Tenanao amin'ny isanisany sy ny tsirairay avy, izao maraina izao. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

66 Mino an'izany ho Fahamarinana ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Am-panajana dia minoa an'izany ho ny Fahamarinana, tsy misy tsilopilopin'ny fisalasalana anankiray ao am-ponareo. Ankehitriny dia tsarovy fotsiny izao. Ny fiasan'ny Fanahy Masina dia tena tsotra ka mampifanjevo an'ilay fisainana ara-pahaizana izany. Ireo zavatra tsotra indrindra izay izaho no hany. . . Efa nahita ny Fanahy Masina nanao an'izao aho. Hilaza zavatra aho izay, nahoana, tsy noheveriko fa ho tahaka an'izany ilay izy. Raha tsy maintsy nampiasa ny fisainako manokana aho, dia hilaza aho hoe, "Eny, tsy mety ho marina izany." Fa marina foana ilay izy. Manao zavatra tena tsotra fotsiny Izy. Ary manao zavatra Izy mba hampahafantatra ny Tenany amin'ny Olony. Andriamanitra dia miaraka amin'ny Olony. Eo afovoan'ny Olony Izy. Tiany izy ireo. Ary te-hanao zavatra ho azy ireo Izy, sy hanampy azy ireo; ary hamela azy ireo fotsiny hahafantatra, tsy hoe izay *Hataony*, fa izay *efa* Nataony. Efa Nataony izany. Anareo izany. Fanananareo izany. Fanomezana maimaim-poana avy tamin'Andriamanitra Raintsika izany, ho an'Ny Fiangonany.

67 Ankehitriny dia toy ny ahoana no tena mampikorontana an'ilay fisainana ara-pahaizana, tahaka ny tamin'ny andron'i Daniela, sy tamin'ny andron'ireo zanaka Hebreo, ary—ary ny maro izay noresahantsika izao maraina izao. Hitanareo, ilay izao tontolo izao ara-pahaizana malaza tamin'izany andro izany dia sarotra resena fotsiny tahaka azy ankehitriny. Efa izany foana ilay fahavalo, ho an'ny fomba fijerin'izy ireo, sy ny siansa moderin'izy ireo sy ny sisa, tena sarotra fotsiny sy ny sisa, ho an'ilay fisainana tamin'izany, tahaka ny antsika amin'izao andro izao. Hitanareo, ilay zavatra iray ihany izany. Saingy nisy foana, isan'andro, an'ireo izay sahy nijanona teo ka nanao hoe, "Marina Andriamanitra. Marina ny Tenin'Andriamanitra."

68 Ary, ianareo, tsy mila mandresy ianareo, satria Izy no nandresy. Ny zavatra tokana tokony hataonareo dia ny mandroso fotsiny ka maka, mitsangana eo amin'ilay vavahady, manao hoe, "Ahy izany. Ahy ity. Andriamanitra no nanome azy ho ahy, ny famonjeko. Raha mila ny Fanahy Masina aho, dia efa nomen'Andriamanitra ahy Izany. Ny teny fikasana dia ho ahy, ho an'ireo zanatsika, izay rehetra lavitra, arak'izay hantsoin'ny Tompo." Izany no antony ijoroako. Izao fotsiny . . .

69 Ny asam-panompoako, an'ity famantarana sy ny sisa ity, hifarana tsy ho ela izany ankehitriny. Oh, ho eo foana izany. Saingy hifarana tsy ho ela izany, satria ho zavatra iray lehibe kokoa ilay izy. Hitanareo? Hitohy handroso izany; avy tamin'ny fihazonana ny tànana, hatrany amin'ny famantarana, ary ankehitriny dia vonona ny hanao anankiray hafa izy. Hitanareo? Jereo izany. Diniho dia fantaro fa marina izany. Hitanareo? Fantatro fa izany no Fahamarinana. Ary ho lasa lehibe kokoa izany, avo kokoa, tsaratsara kokoa. Azo antoka. Nahoana, Izy no

nampanantena an'izany. Ary izay Ampanantenainy, dia Ataony. Tsy afaka ny ho diso ao amin'ny Fampanantenany Izy. Ary inona izany? Ny Fanatrehany velona mandrakariva miaraka amintsika, mba hamela an'izany, hamela anareo hahafantatra fa Izy no naka an'ilay vavahady ho anareo.

70 Izy no Taranaka Mpanjaka. Tsy nisy anankiray afaka naka an'ireo vavahady ireo afa-tsy Izy. Ireo tany aoriana rehetra ireo dia aloky ny Fihaviany. Fa rehefa tonga Izy, dia izany no namarana an'ilay ady manontolo. Efa nifarana teo Getsemane sy Kalvary ilay ady. Ary ankehitriny dia mitsangana fotsiny isika, amin'ny maha-mpandresy. Tsy misy ady hatao intsony. Isika . . . Tapitra ny ady. Azontsika fotsiny izany, ilay didim-pananana amin'izany. Antoka iray voasoratr'Andriamanitra, Raintsika, Izay nanangana ny Tànany, nanao hoe, "Hianiana amin'ny Tenako Aho fa ny Taranany hahazo ny vavahadin'ny fahavalo." Io ilay izy. Efa azo izany. "Izy dia *efa* voalefona nohon'ny fahotantsika. Tamin'ny Dian-kapony no *efa* nahasitranana antsika." Efa vita izany. Asa vita izany. Mahazo azy fotsiny isika. "Ary ireo asa izay Ataoko, no hataonareo koa." Miaraka amintsika ny Mpanjaka, izao maraina izao. Ireo Fitahiany lehibe, ny Fanahy Masina, mihetsika manerana antsika. Mba hahatsapana an'izany fihetseham-po lehibe izany, mba hahafantarana fa izany marina tokoa dia miaraka amin'ny . . . milahatra amin'ny Tenin'Andriamanitra. Manome antsika fiononana mahafinaritra izany, ny mahafantatra fa—fa Andriamanitra no Raintsika.

71 Ankehitriny, mino aho, izy ve—nizara karatra fangataham-bavaka ve izy izao maraina izao? Niteny taminy aho hoe, eka, raha tsy misy afa-tsy ny olon'ny tabernakla fotsiny eo, eny, dia aza mizara karatra fangataham-bavaka. Fa raha nisy—raha nisy maro eo amin'ny folo eo, olona dimy ambin'ny folo, na tahaka an'izany, ireo vahiny eo amin'ny vavahady, nahoana, mba hizarana karatra fangataham-bavaka, noho izany dia hampakatra azy ireo izahay ary hivavaka ho azy ireo. Firy no vahiny miaraka aminay izao maraina izao? Atsangano ny tànanareo. Oh, oadray! Azo antoka. Misy dimy ambin'ny folo na roapolo amin'izy ireo. Eny àry. Handahatra an'ireo karatra fangataham-bavaka izahay ary hampakatra azy ireo eto amin'ny lampihazo. Hitanareo, ny antony nilazako mikasika ny olon'ny "tabernakla," dia eto izy ireo.

72 Io famantarana io. Tsarovy, miresaka an'io aho. Hifarana tsy ho ela ilay famantarana. Hisy zavatra tena lehibe kokoa ary tena tsaratsara kokoa, eo amin'ilay làlana mihitsy. Efa nisy, izay fantatro, mahita anareo mijery rahalahy anankiroa ankehitriny, izay nitsangana niaraka tamiko omaly, rehefa nitranga izany, hitanareo, ary afak'omaly, rehefa nitranga izany. Ary intelo nisesy izany, ankehitriny, nitranga izany, fanamarinana iray fa

antomotra izany izao ankehitriny izao, hitanareo, vonona ny hiseho izany.

73 Ankehitriny, Tompo, Andriamanitra Ianao, ary Mpanomponao izahay. Misaotra Anao izahay nohon'Ny Teninao, nohon'ny Fanahy Masina, Izay nitahy ny fonay. Ary faly izahay ankehitriny. Mipetraka eto izahay, mahafantatra fa mpandresy izahay. Efa azonay ireo vavahady rehetra an'ny fahavalo. Efa nomena anay izany, ary manana an'ilay fanalahidy mahavoha ny rehetra izahay eo an-tànanay. Ny Anaran'i Jesosy Kristy no ha-. . . hanokatra ny vavahadin'ny fahavalo rehetra. Raiso io fanalahidy io, ny fanalahidin'ny Anaran'i Jesosy, ary so-. . . sokafy ny vavahadin'ny fahavalo rehetra izay namatotra anareo ho lavitry ny teny fikasana.

Ary, Andriamanitra, tonga amin'ny Anaran'i Jesosy izahay izao maraina izao, miaraka amin'ity fanalahidy ity, mba hanokatra an'ireo vavahady ho an'ny marary sy ny ory. Fa izao no voasoratra ao—ao amin'Ny Teniny hoe, "Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo. Hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo. Ary raha mandray menarana izy ireo, na hisotro zava-mahafaty, dia tsy hampaninona azy ireo izany. Hametraka ny tànany amin'ny marary izy ireo dia ho sitrana ireny." Fantatray fa marina ireo zavatra ireo. Ary ekeo, izao maraina izao, Tompo, mba izy ireo anie, ho afaka hahita an'izany ny olona, amin'ny alàlan'ny fanehoan'ny Teny tonga nofo ka monina eo anivonay, hoe, "Izy dia voalefona nohon'ny fahotantsika; tamin'ny Dian-kapony no nahasitranana antsika." Ary enga anie izy ireo hanaiky an'izany ka ho sitrana, izao maraina izao, amin'ireo aretiny rehetra sy ireo fahararianа ary ireo olana. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

74 Hitendry ve ianao, Teddy, *Minoa Fotsiny,* moramora sy miadana, raha sitrakao.

Ary inona? Nanomboka tamin'ny iray ve ianareo? Nomerao iray, karatra fangataham-bavaka. Iray, roa, telo, efatra, dimy, enina, fito, valo, sivy, folo, na inona na inona ilay izy. Eny àry. Afaka ve ianareo moramora fotsiny, raha afaka mitsangana ianareo, ny ho tonga eto amin'*ity* ilany ity.

[Hoy ny olona iray hoe, "Firy no nantsoinao?"—Mpand.] Hah? [Hoy ny olona iray hoe, "Izay ilay izy. Izay ilay izy."] Eo amin'ny. . .

Ndao jerentsika, nomerao iray, nomerao roa. Iza no manana ny karatra fangataham-bavaka nomerao iray? [Hoy ny rahalahy iray hoe, "Izaho no manana azy."—Mpand.] Hia. Nomerao roa. Eny àry, tompoko. Nomerao telo, nomerao efatra, nomerao dimy, nomerao enina, nomerao fito, nomerao valo, nomerao sivy, nomerao folo.

75 Raha mbola manao ny làlany izy ireo ka maka ny toerany mitsangana, dia te-hametraka fanontaniana amin'ny sasany

amin'ny sisa aminareo aho. Firy, misy olon'ny tabernakla ve eto, izay marary? Olon'ny tabernakla, atsangano ny tànanareo. Eo amin'ny dimy . . . efatra, dimy, enina, fito, valo. Tànana valo na sivy. Misy olona ve ato amin'ny tabernakla, izay tsy an'ny tabernakla, vahiny amintsika izy ireo, na dia mety efa tonga taorian'ny fotoana aza ianareo ka tsy nahazo karatra fangataham-bavaka iray? Hanangana ny tànanareo ve ianareo? Olona iray izay nila an'Andriamanitra, izay tsy . . . izay—izay tsy manketo amin'ity tabernakla ity. Olona iray eto izay tsy mambran'ity tabernakla ity, ka—kanefa marary ianareo fa tsy manana karatra fangataham-bavaka iray, te-ho tsarovana ao amin'ny vavaka ve ianareo? Hanangana ny tànanareo ve ianareo, ny olona rehetra? Eny àry. Tsara izany. Eny àry.

76 Ankehitriny dia hangataka aho raha hanaja fotsiny arak'izay vitanareo ianareo, mandritry ny—minitra vitsy fotsiny, ary avy eo dia hiainga avy hatrany isika ka hanomboka. Ankehitriny dia ndao jerentsika. Toerana firy sisa no tavela anananao eo, Billy? Eny àry. Misy an'ilay nomerao folo ve eo? Niantso iray hatramin'ny folo aho.

Iraika ambin'ny folo, roa ambin'ny folo, telo ambin'ny folo, efatra ambin'ny folo, dimy ambin'ny folo, aoka izy ireo hitsangana ankehitriny. Raha izy ireo no nomerao folo, iraika ambin'ny folo, roa ambin'ny folo, telo ambin'ny folo, efatra ambin'ny folo, dimy ambin'ny folo, dia aoka izy ireo hitsangana. Eny àry. Iray, roa, telo, efatra, dimy, enina, fito, valo, sivy, folo, iraika ambin'ny folo, roa ambin'ny folo. Mbola tsy ampy eo amin'ny roa, manomboka amin'ny iray ka hatramin'ny dimy ambin'ny folo. (. . . ? . . . fito, valo, sivy, folo, iraika ambin'ny folo.) Dimy ambin'ny folo, enina ambin'ny folo, fito ambin'ny folo, valo ambin'ny folo, sivy ambin'ny folo, roapolo.

77 Oh, andraso iray minitra. Izaho—niteny taminy aho mba hizara an'ireo karatra fangataham-bavaka ho an'ireo olona izay tsy miaraka amin'ny tabernakla fotsiny. Marina izany. Hitanareo? Satria, izany dia ho, hitanareo, famantarana. Hoy ny olona hoe, "Ireo olona ireo dia mankao amin'ny tabernakla." Hitanareo? Izaho—miteny aminareo aho. Firy eto no efa . . . tsy mbola teto mihitsy tany aloha? Aoka ho hitanay ny tànanareo, tsy misy olona izay efa mba tao amin'iray tamin'ireo fivoriako tany aloha. Eny àry. Eny àry.

Ankehitriny, eny àry, vetivety fotsiny ankehitriny, Rahalahy Teddy.

78 Ankehitriny dia mety hiteny an'ity aho, fa, ianareo rehetra dia efa nandre ny amin'ireo fivoriana, toy ny ahoana no andehanany, na izany aza, sa tsy izany, ny olona rehetra efa tao amin'ireo fivoriana? Hitanareo? Rehefa teto an-tany Jesosy Tompontsika, dia tsy nihambo ho mpanasitrana iray Izy. Izy no Taranak'i Abrahama, izany tokoa, ary nanana ny teny fikasana niaraka Taminy Izy. Nilaza Izy fa tsy nanao na inona na inona

Izy raha tsy ny Ray no naneho Taminy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary hoy Izy hoe, "Tsy afaka manao na inona na inona Aho raha tsy ny Ray no maneho amiko an'izay hatao." Ary Hitany izany tamin'ny alàlan'ny . . . Tsy hoe "raha tsy ny Ray no *miteny* Amiko." "Raha tsy ny Ray no *maneho* Amiko." Masindahy Jaona 5:19, "Izay Hitako ataon'ny Ray, dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka."

79 Ankehitriny rehefa Izy—tonga Izy, dia hitantsika, tamin'ny fiandohan'ny Asam-panompoany, fa rehefa avy Noraisiny ny—ny sezan'i Davida . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Fiteny ara-panahy, ny . . .

Rehefa tonga teo Aminy ny Fanahy Masina tamin'ilay batisa, an'i Jaona, dia lasa ilay Mesia voahosotra Izy. Ankehitriny, tsarovy, Izy dia Zanak'Andriamanitra rehefa teraka Izy. Izy no Zanak'Andriamanitra nateraky ny virijiny. Fa rehefa lasa Mesia Izy, izany dia rehefa tonga teo Aminy ny Fanahy Masina, satria ny *mesia* dia midika hoe ilay "anankiray voahosotra." Hitanareo? Ary Izy no ilay Anankiray voahosotra rehefa tonga teo Aminy ny Fanahy Masina. Efa renareo aho nitory teo amin'ny *Ny Zanak'ondry Sy Voromailala.* Noho izany dia hitantsika, rehefa Izy . . . Taorian'ireo efapolo Androny an'ny fakam-panahy, dia nivoaka Izy.

80 Ary ahoana no nanombohan'ny Asam-panompoany, ary ahoana no nifaranan'izany? Hitantsika fa, tao amin'ny Asam-panompoany fa nisy lehilahy iray tamin'ny anarana hoe Andrea, izay nandeha ka nahita ny rahalahiny, Simona, mpanjono iray, ary nitondra azy nankeo amin'i Jesosy. Dia niteny taminy Jesosy, nanao hoe, "Ny anaranao dia Simona. Ny anaran'ny rainao dia Jonasy. Manomboka izao ianao dia hantsoina hoe *Petera,* izay midika hoe 'vato kely.'" Tsaroanareo ve izany? Ary tena talanjona mihitsy io lehilahy io tamin'izay notenenin'i Jesosy taminy!

Ankehitriny, natao hanao an'izany ve ny Mesia? Firy no mahafantatra an'izany, manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena"—Mpand.] Izy no tsy maintsy ho ilay Andriamanitra-Mpaminany. Eny, tompoko. Hoy i Mosesy hoe, "Ny Tompo Andriamanitrareo dia hanangana Mpaminany iray tahaka ahy. Izao no hiseho fa izay tsy hihaino an'io Mpaminany io dia ho esorina tsy eo anivon'ny olona."

81 Ankehitriny, avy eo dia hitantsika, taty aoriana, Ny . . . "Tonga teo amin'ny Azy Manokana Izy." Iza ireo? Ireo Jiosy, ara-natiora. "Ary noho izany dia tsy nandray Azy ny Azy Manokana," noho izany Izy dia nanana tamin'izany . . . Ankehitriny dia tsy maintsy mankany amin'ny Jentilisa ilay izy, hitanareo, satria tsy nandray Azy ny Azy Manokana. "Fa izay nandray Azy, dia Nomeny hery izy ireo ho tonga zanak'Andriamanitra." Noho izany dia nitodika tany amin'ny

Jentilisa Izy ankehitriny, ary efa izany, nandritry ny roa arivo taona. Fa mariho ankehitriny ireo zavatra izay Nataony.

82 Avy eo i Filipo, rehefa avy nahita an'io vita izy, dia nandeha izy ary nahita an'i Natanaela, ka niteny tamin'i Natanaela hoe iza no hitany ary inona no Nataony. Ary nahatalanjona azy izany. Zara izy raha afaka nino an'izany. Saingy rehefa tonga teo amin'ny Fanatrehan'ny Tompo Jesosy izy, rehefa hitany izay nisy Azy, tonga teo amin'Ny Fanatrehany, dia hoy Jesosy hoe, "Indro ny Isiraelita tsy misy fitaka ao aminy."

83 Ankehitriny, raha ianareo no nitsangana tany, dia mihevitra ve ianareo fa ho tena ara-panahy ianareo mba hahazo hoe Iza io? Mihevitra ve ianareo fa ho nanao an'izany ianareo? Diniho ankehitriny. Hitanareo? Io Lehilahy io, Vahiny iray fotsiny, ny mpa-. . . teo, mety ho efa mpanjono iray Izy. Mpandrafitra iray Izy, izany Izy. Io Lehilahy mpandrafitra mitsangana eo io, Lehilahy taona antenantenany. Dia nandroso ity lehilahy ity. Nojereny izy, tahaka ny iray amin'ireto lehilahy eto ireto, nanao hoe, "Indro ny Isiraelita izay tsy misy fitaka ao aminy." Eny, ahoana no Nahafantarany fa Isiraelita iray izy? Tsy tamin'ny fomba niakanjoany, satria izy rehetra dia nitovy fiakanjo. "Tsy misy fitaka ao aminy." Ahoana no Nahafantarany fa izy dia—dia lehilahy iray tsy misy fitaka?

84 Koa izany no nahatalanjona an'ity lehilahy ity. Satria tena mpino iray, dia hoy izy hoe, "Raby," na rahalahy, mpitory teny, mpampianatra, "oviana no mba Nahitanao ahy?" Hitanareo, nanontany Azy izy.

85 Hoy Izy hoe, "Talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, rehefa teo ambanin'ilay hazo ianao, dia efa nahita anao Aho."

Hoy izy hoe, "Ianao no Zanak'Andriamanitra. Ianao no Mpanjakan'ny Isiraely."

86 Hoy Jesosy hoe, "Satria ve niteny taminao an'izany Aho, dia mino Ahy ianao ankehitriny? Ankehitriny dia hahita zavatra lehibe kokoa noho izao ianao."

87 Ary izany no antony inoako fa ny Fiangonan'Andriamanitra velona dia hahita zavatra iray lehibe kokoa noho izao. Vonona ny hiditra ao amin'izany mihitsy ilay izy ankehitriny, afaka kelikely, hitanareo, satria nino an'izany izy ireo. Ireo izay nandà an'izany, noho ireo sakana ara-anaram-piangonana, dia misalasala aho raha mba hino zavatra iray izy ireo. Hitanareo? Ireo zavatra . . . Na ianareo handeha ao amin'ny Hazavana na ho jamba. Manajamba ny Hazavana, na maneho ny làlana.

88 Ireo vorona kely, izay hitako, teo amin'ny Tsangambaton'ny Fahafahana. Manàna antoka hahita an'izany, Rahalahy Thoms, rehefa mandeha any ianao, hitanao. Manakapoka ny ati-dohany izy ireo, midona eo. Dia hoy aho hoe, "Inona ilay olana?"

89 Hoy izy ireo, "Raha tokony hanaraka an'ilay jiro, tao amin'ilay tafio-drivotra, mba ho voaaro, dia niezaka izy ireo ny hikapoka an'ilay jiro ho faty. Mamono ny tenany izy ireo."

90 Izany no zavatra tokana izay mitranga rehefa mikapoka manohitra ny Hazavana ianareo, mamono ny tenanareo ianareo, ara-panahy. Mandehana fotsiny ao amin'ny Hazavana tahaka Azy ao amin'ny Hazavana, amin'izay fotoana izay dia hanana fiombonana isika, ny fiangonana rehetra dia hino ary handroso ka hankasitraka an'ireo fitahian'Andriamanitra. Tsy hahafinaritra ve izany?

91 Jereo ilay vehivavy Samaritana rehefa tonga izy. Samaritana iray izy, ankehitriny (tsy Jiosy iray), Samaritana iray. Dia hoy Izy hoe, "Itondray Aho ho sotroina." Dia nitohy ilay fifampiresahana.

Ity dia ho an'ireo vao tonga ankehitriny.

92 Dia nitohy ilay fifampiresahana. Ankehitriny, tsy nahafantatra Azy ho Mesia mihitsy izy. Izy fotsiny dia—dia Lehilahy iray, Jiosy iray. Hitanareo ve hoe ahoana no nolazainy voalohany? Hoy izy hoe, "Nahoana, tsy fanao ho anareo Jiosy ny miresaka amin'ny vehivavy Samaritana iray tahaka an'izao." Hoy izy hoe, "Tsy misy fifandraisana eo amintsika."

93 Hoy Izy hoe, "Saingy raha fantatrao hoe Iza no miresaka aminao, dia ianao no hangataka Amiko ho sotroina. Ary Izaho no hitondra, hanome rano anao, ka tsy ho avy eto ianao hisintona."

94 Nahoana, hoy izy hoe, "Andraso iray minitra ankehitriny." Hoy izy hoe, "Izahay dia mivavaka ao amin'io tendrombohitra io, ary—ary ianareo Jiosy mivavaka any Jerosalema."

95 Hoy Jesosy hoe, "Fa tonga ny ora izay—izay sady tsy any Jerosalema na io tendrombohitra io no hivavahanareo, fa amin'ny Fanahy. Fa Andriamanitra dia Fanahy, ary izay mivavaka Aminy dia tsy maintsy mivavaka Aminy amin'ny Fanahy sy ny Fahamarinana." Hitanareo? Eny, nanohy Izy, nitarika an'ilay fifampiresahana mandra-Pahitany hoe taiza ny olany. Inona, fantatrareo ve hoe taiza ny olany? Misy olona mahafantatra ve hoe inona ny olan'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana? Nanana vady maro loatra izy, sa tsy izany? Noho izany dia hoy Izy taminy hoe, "Mandehana alaivo ny vadinao dia tongava eto."

Hoy izy hoe, "Tsy manana vady aho."

96 Hoy Izy, "Marina izany. Efa nanana dimy ianao, ary ilay anankiray izay iarahanao miaina ankehitriny dia tsy anao."

97 Hoy izy hoe, "Tompoko!" Diniho izy ankehitriny. "Tompoko, hitako fa Mpaminany Ianao."

Raha mandeha eo amin'ilay naoty famakiana ianareo, dia hahita ianareo. "Tompoko," ao amin'ilay tany am-boalohany, "Ianao no, hitako, fa Ianao *io* Mpaminany io." Tsarovy, ao

amin'ny Baiboly, dia manohy milaza hoe, "Io Mpaminany io, Ianao ve 'io Mpaminany io'?" Mpaminany inona izany? Ilay Anankiray izay nolazain'i Mosesy fa hitsangana.

"Hitako fa Mpaminany Ianao. Ankehitriny, nampianarina izahay, ary fantatray fa rehefa tonga ny Mesia, dia Izy no hanao an'ireo zavatra ireo." Izany no famantaran'ny Mesia. Marina ve izany? Mahafantatra hoe inona ny olany. Hoy izy, "Fantatray fa rehefa tonga ny Mesia, dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo. Fa Iza Ianao?"

Hoy Izy hoe, "Izaho no Izy, izay miresaka aminao."

98 Navelany ny sinin-dranony. Nihazakazaka nankany antanàna izy, heveriko, nihazona ny fony fotsiny. Ary nilaza, nihazona ny tànany teo amin'ny tratrany niantsambotra fotsiny, nanao hoe, "Avia, jereo ny Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'ireo zavatra izay nataoko. Tsy izao ve no tena Mesia? Tsy izao ve ilay tena Anankiray izay nolazain'ny Baiboly fa ho avy? Jiosy iray mipetraka ao izany, Lehilahy tsotra iray fotsiny, toy ny mpandrafitra iray. Saingy niteny tamiko Izy fa efa nanana vady dimy aho, ary ianareo rehetra dia mahafantatra fa izany no fahamarinana. Tsy maintsy ho izao no Mesia." Marina ve izany?

99 Ankehitriny, hoy Jesosy hoe, "Vetivety foana, elanelampotoana kely, dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao. Kanefa, ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza. Ary ireo asa izay Ataoko no hataonareo koa. Mihoatra noho izay Nataoko teto mihitsy aza, no hataonareo, satria mankany amin'ny Ray Aho, hiverina indray amin'ny endriky ny Fanahy."

Efa voaloa ilay fanatitra. Maty ilay Taranaka Mpanjaka; nitsangana indray ilay Taranaka Mpanjaka. Ankehitriny dia mitsangana nohamarinina ilay Fiangonana, nohon'ny finoana an'izany, ka afaka miditra ao amin'ireo olona ireo ilay Taranaka Mpanjaka ary manao azy ireo hiray lova mihitsy aza, zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra.

100 Ankehitriny, ho anareo sisa eo ireo, izay tsy ao anatin'ity laharam-bavaka ity, niteny taminy aho mba hizara karatra fangataham-bavaka ho an'ireo olona fotsiny izay . . . rehefa niantso azy aho aninkeo maraina. Niantso ahy izy, nanao hoe, "Te-hidina any ve ianao ka hizara karatra vitsivitsy, dada?"

101 Hoy aho hoe, "Raha misy olona eo amin'ny folo any izay tsy avy ao amin'ny tabernakla."

102 Ankehitriny, indraindray ato amin'ny tabernakla dia miantso aho ary manome karatra fangataham-bavaka ho azy ireo. Miverina ianareo, manao hoe, "Eny, fantany izy ireo. Avy ao amin'ny tabernakla izy ireo. Fantany ny toeran'izy ireo. Azo antoka."

103 Avy eo dia mitodika aho, hoy aho hoe, "Ireo izay tsy avy eto amin'ny tabernakla fotsiny, tongava. Eny àry. Ianareo

tsy miaraka amin'ny tabernakla, ianareo no hany miditra ao amin'ny laharam-bavaka."

104 "Oh, tsy fantatsika izy ireo," hoy ny tabernakla. "Tsy fantatsika hoe inona ny olan'izy ireo. Mety nandainga nikasika an'izany izy." Hitanareo?

105 Avy eo dia hoy aho hoe, "Aoka tsy hisy olona ho tonga. Aoka ny Fanahy Masina no haka an'ireo izay ato izay tsy avy amin'ny tabernakla, izay mipetraka eo fotsiny." Mbola, ianareo fotsiny . . .

106 Tsy misy fomba mihitsy, hahazoana lehilahin'Andriamanitra iray, raha tsy voafidy mialoha ho zanakalahin'Andriamanitra izy. Tsy misy fomba anaovana an'izany mihitsy. Hoy Jesosy hoe, "Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no mitarika azy." Ary izany no Fahamarinana. Ny zavatra rehetra izay Nataony, dia nisy zavatra nanohitra. "Raha Nataony tahaka an'*ity* izany, dia tokony ho tahaka an'*ity* izany. Ary raha tahaka an'*ity*, dia tokony ho tahaka an'*itsy* indray izany." Hitanareo, tsi-finoana fotsiny izany. Fa ny fahendrena dia amarinin'ny zanany. Noho izany, ianareo, hitanareo.

107 Ankehitriny eto, miezaka aho ny milaza amin'ny—amin'ity fiangonan'olona ity, an'izao, hoe Jesosy Kristy io Taranaka Mpanjaka io. Tsy isika izany; izany dia Izy. Mpandova an'izany fotsiny isika, saingy ny zavatra rehetra dia antsika. Ahoana moa raha nitsangana tany ianareo tamin'io andro izay nahatongavan'i Simona io? Ary, ianareo, tsy misy olona . . . Izao no zavatra voalohany hany Nataony.

108 Ankehitriny, izao no ho zavatra voalohany ho an'ireto olona ireto, raha manao an'izany Izy. Tsy mbola nahita an'izany mihitsy izy ireo tany aloha.

109 Fa rehefa tonga i Simona, mpanjono antitra iray, tsy nanana fahaizana betsaka mba hanasonia ny anarany teo amin'ny singan-taratasy iray. Ny Baiboly dia nilaza fa izy dia "tsy mahay ary tsy nianatra." *Ary* dia fanohizan-teny iray. Sady, "tsy mahay ary tsy nianatra." Ary avy eo rehefa nanatona Izy, tamin'ny famantarana, hery iray . . . Jesosy, hoy Jesosy hoe, "Ny anaranao dia Simona." Inona no heverinareo fa noeritreretiny? Inona no ho noeritreretinareo raha nitsangana tany ianareo? "Ary ny anaran'ny rainao dia Jonasy. Ary manomboka izao dia hantsoina hoe Petera ianao." Inona, inona no ho noeritreretinareo? Namaky ny fisainany ve ilay Lehilahy? Eny, inona no ho noeritreretinareo? Ho nieritreritra ve ianareo fa izany no famantaran'ny Mesia?

110 Raha izany no famantaran'ny Mesia tao amin'ny taona anankiray, dia tokony ho izany no famantaran'ny Mesia, ny taona faharoa, ny taona fahatelo, ny taona fahefatra. Tokony hitovy ny taona rehetra, satria tsy afaka miova Andriamanitra. Ary firy no mahafantatra fa ny Mesia dia Andriamanitra? Azo

antoka. Izany ilay Voahosotra. Azo antoka. Noho izany dia tsy afaka miova Izy. Tsy maintsy ho tsy miova Izy.

111 Izany no antony tsy maintsy Nanehoany tamin'ireo Samaritana an'ilay zavatra iray ihany izay Nataony tamin'ireo Jiosy. Satria, ireo zòm-pirenena telo dia ny olon'i Hama, Sema, ary Jafeta; Jiosy, Jentilisa, ary Samaritana.

112 Ankehitriny, voamarikareo ve ny Fanahy Masina? Firy no mahafantatra fa i Petera no nanana an'ireo fanalahidin'ny Fanjakana? Efa voamarikareo ve? nosokafany izany tamin'ny Andron'ny Pentekosta, tamin'ireo Jiosy. Nandeha i Filipo ka nitory teny tany amin'ireo Samaritana, ary nanao batisa azy ireo tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, saingy mbola tsy tonga teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina. Tsy maintsy naniraka sy naka an'i Petera izy ireo, izay nametraka ny tànany teo amin'izy ireo dia nandray ny Fanahy Masina izy ireo. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary ny ankohonan'i Kornelio, ireo—ireo Jentilisa dia nandray an'Izany. Izay ihany ny amin'io. Nanomboka teo, dia misokatra ho an'ny rehetra fotsiny izy ankehitriny. Noho izany dia eo ianareo izao, hitanareo, Izy no tsy maintsy nanokatra an'izany. Manana fomba fanaovana zavatra Andriamanitra.

113 Ankehitriny, izao maraina izao, raha io Anankiray Izay nanome ny Fampanantenana ho an'ilay Taranaka io, ary raha mipetraka eto ilay taranaka. . . Te-hino aho fa izany ny tsirairay avy aminareo. Raha mipetraka eto ilay Taranaka, dia azo antoka fa hahita ny Fampanantenana ilay Taranaka. Ankehitriny, ny tsirairay avy amin'ireto olona mitsangana eto ireto dia nanangana ny tànany, fa tsy mbola tao amin'ireo fivoriana mihitsy izy ireo tany aloha. Vahiny amiko izy ireo. Tsy mahafantatra ny iray amin'izy ireo aho. Tonga eto fotsiny izy ireo. Ary minitra vitsy lasa izay, dia nanome azy ireo karatra fangataham-bavaka iray i Billy, ary indro izy ireo mitsangana eto. Misy maro aminareo eo, no nanangana ny tànanareo, hoe tsy nanana karatra fangataham-bavaka ianareo, ary mbola vahiny foana ianareo eto. Tsy misy idiran'izany. Minoa fotsiny ianareo fa mpandova an'io teny fikasana io. Minoa fotsiny ianareo fa tamin'ny Dian-kapony no nahasitranana anareo. Ary minoa an'izany amin'ny fonareo rehetra, ka diniho Izy.

114 Ny zavatra tokana amin'izao fanomezam-pahasoavana izao, dia ny mametraka ny tenanareo Aminy fotsiny. Tsy milaza na inona na inona aho; Izy no manao ny filazana. Ary raha Izany No Fanahiny an'ny faminaniana, dia nanana ny HOY NY TOMPO HOE foana ilay mpaminany. Efa marina foana izany. Ary aza manontany an'ilay Foto-pampianarana, satria tsy maintsy hilahatra amin'ny Baiboly izany, raha Andriamanitra izany. Tsy afaka milaza zavatra iray Andriamanitra, nefa avy eo dia hiverina eo amin'izany ka hanodina an'izany. Tsy maintsy ho ilay zavatra iray hatrany foana izany.

115 Ankehitriny, ianareo eo, minoa. Amin'ny rehetra izay ao anatinareo, dia minoa. Ankehitriny aza mandehandeha intsony. Mipetraha tsara mihitsy fotsiny ankehitriny, ny olona rehetra.

Moramora sy miadana arak'izay vitanao fotsiny.

Ny seho mitranga, izao maraina izao, ny olona voalohany mitsangana eto dia lehilahy iray. Haka an'ity Soratra ity isika ankehitriny.

116 Hitanareo ve hoe aiza aho no mitsangana ankehitriny? Firy no afaka mahazo an'izany? Indro ireo lehilahy sy vehivavy mitsangana eto, izay tsy mbola hitan'ny masoko mihitsy, teo amin'ny fiainako. Tsy mbola tao amin'ny fivoriana mihitsy akory aza izy ireo, ary hitanareo izay hitsanganan'izy ireo. Tsy fantatr'izy ireo izay hitranga. Tsy fantatro izay hitranga. Fa Andriamanitra no nampanantena an'izany. Tsy fantatr'i Abrahama izay hitranga rehefa naka ny antsy izy mba hamono an'i Isaka, fa Andriamanitra no nampanantena azy. Nilamina hatreo izany. Nandray azy toy ny avy tamin'ny maty izy, nahafantatra fa Izy dia mahay manangana azy amin'ny maty. Marina ve izany? Noho izany dia milamina hatreo ilay izy.

117 Ankehitriny, indro mitsangana eto akaikiko ny lehilahy iray, tsy mbola nahita azy mihitsy aho, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika azy. Samy vahiny isika. Tsy mifankahafantatra isika. Andriamanitra no mahafantatra antsika roa.

Ankehitriny, amin'ny alàlan'ny fanomezam-pahasoavana Masina, raha afaka fotsiny aho amin'ny alàlan'ny fanomezam-pahasoavana . . . Ankehitriny, ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia teraka ao anatinareo. Andriamanitra no nifidy mialoha talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Firy no mahafantatra an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Noho izany dia ho tsinontsinona izay nananako, mba haka an'ilay fanomezam-pahasoavana. Andriamanitra fotsiny no nisafidy an'izany. Izaho tsy nisafidy an'izany mihitsy. Izy no nisafidy an'izany. Hitanareo? Tahaka an'ireo mpaminanin'ny Testamenta Taloha, sy ireo olona samihafa, voafidy mialoha hanao an'izany izy ireo, hanao an'izao.

118 Ankehitriny, raha marary ilay lehilahy, dia tsy afaka manasitrana azy aho. Raha manana ilaina ilay lehilahy, dia hiankina amin'izay nilainy izany na afaka hanampy azy aho na tsia. Mety ho, raha zavatra hafa iray izany toy ny hoe izy . . . zavatra kely iray izay azoko hanampiana azy, nahoana, dia ho faly aho hanao an'izany. Angamba manana fahatezerana iray izy. Angamba tsy Kristiana iray akory aza izy. Angamba Kristiana iray izy. Angamba mpisandoka iray izy. Tsy fantatro. Ahoana moa raha mpamely miafina iray izy, anankiray izay misokosoko, ka tonga eto ary manao ny tenany ho tahaka ny

zavatra iray? Diniho izay mitranga, hitanareo, izao fotsiny—jereo fotsiny izay miseho. Tsy fantatro.

119 Fa, hitanareo, mitsangana eto ianareo, noho izany dia afaka mitsangana tanteraka tokoa ianareo, mahafantatra fa nanao teny fikasana iray Andriamanitra, mihazona ny Fampanantenany Andriamanitra. Hitanareo? Ankehitriny, raha mihazona ny Fampanantenany Andriamanitra, eo anelanelany, eto mihitsy ankehitriny, an'ireto olona ireto; firy eo no hipetraka eo, ka hino an'izany amin'ny fonareo rehetra ianareo? Amin'ny fonareo rehetra, hino ve ianareo? Noho izany dia minoa ahy fotsiny ianareo.

120 Ankehitriny dia ndao jerentsika. Ndao isika haka Soratra iray. Ankehitriny, nanatona ny Tompo Jesosy i Simona Petera. Ary rehefa tonga teo amin'ny Tompo Jesosy izy, dia niteny taminy ny Tompo Jesosy hoe iza izy, ary—ary niteny taminy an'ireo zavatra mikasika ny fiainany. Eny, ilay Jesosy iray ihany dia velona androany. Izy . . . Mino ve ianareo fa nitsangana tamin'ny maty Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mino ve ianareo fa io Fanahy Mesianika io dia velona mihitsy ao amin'ny Fiangonana, androany, tahaka ny Nataony foana mihitsy? ["Amena."] Eny àry.

121 Ankehitriny, ianareo ao amin'ny mpanatrika, izay tsy manana karatra fangataham-bavaka iray, mijere mankaty ka manaova hoe, "Tompo!" Mazava ho azy, tsy misy karatra fangataham-bavaka ao amin'ny mpanatrika, manana azy rehetra ireo mitsangana eto aho. Ianareo ao amin'ny mpanatrika manaova hoe, "Tompo, Kasihonao aho." Jereo izay mitranga. Jereo izay mitranga . . . ? . . .

122 Ankehitriny, tompoko, raha misy fomba iray eto amin'izao tontolo izao hanampiana anao, dia ho nataoko izany. Hitanao, izaho fotsiny dia, vahiny fotsiny isika eto, ary izaho—mihaona aminao amin'ny fotoako voalohany aho. Fa tompon'andraikitra aho, amin'ny maha-mpitoriteny iray, ny hiteny ny Fahamarinana sy ho vavolombelona iray an'i Jesosy Kristy. Ary, ankehitriny, tsy tiako hiteny na inona na inona amiko ianao. Tiako fotsiny ianao hamaly ahy na fahamarinana ilay izy na tsia, ary avy eo dia aoka Izy no hanao an'ilay izy. Ary raha hanao an'ilay fomba iray ihany Izy eto amin'ny lampihazo eto, amin'ny alàlan'ity vatana ity, izay Nataony tamin'ny alàlan'ny vatan'i Jesosy!

Izany no Andriamanitra, tao amin'i Kristy. Hoy Jesosy hoe, "Tsy manao na inona na inona Aho raha tsy ny Ray, izay ato Amiko, no maneho Amiko. Izy no miteny Amiko an'izay hatao." Noho izany dia tsy Jesosy no niteny tamin'ilay vehivavy. Izany dia ny Ray, tao Aminy, no niteny tamin'ilay vehivavy. Izany dia—tsy Jesosy no nahafantatra hoe iza i Simona Petera, izany dia ny Ray izay nonina tao Aminy, no nahafantatra hoe iza i Simona Petera. Izay ilay izy. Hitanao? Izay ilay izy.

123 Afaka miteny aminao aho, ankehitriny, fa Kristiana iray ianao, eny, tompoko, satria ianao dia manana ny—ny—ny fandraisana tsara ny fanahy izay mipararetra amin-kafanana. Ary, izy, izy dia mpino iray. Izy dia Kristiana iray. Ary ianao dia mijaly amin'ny aretin'ny fikorontanan-tsaina iray izay manome anao aretim-bavony iray. [Hoy ilay rahalahy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Marina ve izany? ["Marina izany."] Hitanao? Hitanao? Ankehitriny, tena marina izany. Ahoana izany? Ahoana no nahafantarako an'izany? Ahoana mihitsy no mba nahafantarako an'izany? Tsy mbola nifankahita isika tany aloha. Marina izany. Sa tsy izany? ["Marina izany."] Angamba hiteny aminao zavatra hafa iray mikasika ny tenanao Izy. ["Eny, izaho. . . "] Hiteny aminao aho. Indro ny zavatra iray. Mahita vehivavy iray eo akaikinao aho. Miaraka aminao izy. Ny vadinao izany. Izy dia mila fanampiana, ihany koa. ["Marina izany."] Eny, tompoko. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka miteny amiko eto hoe inona no tsy mety amin'ny vadinao? ["Fantatro fa afaka Izy."] Eny àry, tompoko. Tratry ny aretim-po izy, fahasarotana. ["Eny, tompoko."] Marina izany. Sa tsy izany? Fikorontanan-tsaina, ihany koa. ["Marina izany."] Eny, tompoko. Ankehitriny, tsy avy eto amin'ity tanàna ity ianao. ["Tsia, tompoko."] Miverina amin'*ity* làlana ity ianao rehefa mandeha mody, mandeha mankany Cincinnati. ["Marina izany."] Marina izany. Avy any Cincinnati ianao, Ohio. ["Eny, tompoko."] Ny anaranao dia Milliken. Miverena, miverena any an-trano, aoka ho salama. Hitahy anao anie ny Tompo ary ho sitrana ianao, ianao sy ny vadinao. Andriamanitra hitahy anao.

Avia, tompoko. Mino ve ianao? Manàna finoana fotsiny ankehitriny. Aza misalasala.

124 Aoka tena hanaja ankehitriny. Ny olona rehetra aoka ho tena hanaja fotsiny ankehitriny, mipetraha tsara. Hitanareo, tena saro-kenatra ny Fanahy Masina. Firy no mahafantatra an'izany? Tena saro-kenatra mihitsy, ny Fanahy Masina, hitanareo, fampiatoana kely iray fotsiny dia manelingelina Azy.

125 Arak'ireo dokotera, dia tsy maintsy ho faty avy hatrany ianao, miaraka amin'ny aretim-po. [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny."—Mpand.] Marina izany. Avy any Chicago ianao, Atoa. Mosley. ["Eny."] Ny fanampin'anaranao dia Theodore. ["Eny."] Mino an'Andriamanitra ve ianao? ["Eny."] Noho izany dia mandehana mody dia ho velona, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ary aoka ho salama. Andriamanitra hitahy anao.

126 Mino an'Andriamanitra ve ianao? [Hoy ilay anabavy hoe, "Azo antoka mino aho. Eny, tompoko."—Mpand.] Mijaly amin'ny aretina iray ianao ao amin'ny ranjonao. Ianao dia tsy avy eto amin'ny tanàna, ihany koa. ["Eny, tompoko."] Avy any Owensboro ianao, Kentucky. Ny anaranao dia Rtoa. Lamb. ["Eny, tompoko."] Miverena any an-trano ary aoka ho salama.

127 Ilay ramatoa mipetraka eo mihitsy, dia avy any Owensboro ihany koa. [Hoy ilay anabavy hoe, "Amena."—Mpand.] Tratry ny fery eo amin'ny nononao eto. Tokony ho didiana, rahampitso. Mandehana, minoa, dia aoka ho velona.

128 Mino ve ianao, tompoko? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny, mino aho."—Mpand.] Samy vahiny isika. ["Eny, izany isika."] Ny anaranao dia Atoa. Gilmore. Marina izany. Avy any Anderson ianao, Indiana, izay misy an'ilay hetsika Fiangonan'Andriamanitra malaza. ["Marina izany."] Marina izany. Mitsangana eto ianao ho an'ny zanakao vavy izay ory amin'ny ampahany. Malemy izy amin'ny ampahany. Mino ve ianao? Noho izany dia mandehana mody ka hahita azy amin'ny fomba izay inoanao. Eny àry. Andriamanitra hitahy anao. Manàna finoana. Minoa.

129 Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao, tompoko? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Avy any Indianapolis ianao. Mpitoriteny iray an'ny Filazantsara ianao. Io ny vadinao. Ah-hah. Mijaly ihany koa izy. ["Marina izany."] Tratry ny aretin'ny làlan-kanina izy ao amin'ny làlan-kanina. Ny dokotera . . . Tratry ny aretim-po; mikorontan-tsaina kely. Hitako fa marenina izy ao amin'ny sofiny. Inona . . . Avia eto.

Ianao ry fanahy marenina, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mandidy anao amin'ny alàlan'ilay Andriamanitra velona aho, mivoaha avy ao amin'ilay vehivavy.

Ankehitriny dia afaka mandre ahy tsara mihitsy ianao ankehitriny. Afaka mandeha mody ianareo roa ary aoka ho salama. Miverena any an-tranonareo. Mandre ahy ianao, ary salama ianao. Ho mety tsara ianao.

130 Mino amin'ny fonareo rehetra ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Manàna finoana an'Andriamanitra fotsiny. Minoa.

131 Io aretin-kozatra tranainy sy ny karazany io dia zavatra tena ratsy. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Andriamanitra? Noho izany dia mandehana midina eo avy hatrany. Mandehana mody, midera Ny Anarany, manao hoe, "Misaotra Anao, Tompo Jesosy malala."

Ny antony nahazoako an'izany haingana mihitsy, dia tratran'ilay zavatra iray ihany ity ramatoa ity, aretin-kozatra.

Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Andriamanitra? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny."—Mpand.] Eny àry, tompoko. Noho izany dia mandehana fotsiny midina eo avy hatrany, ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo Jesosy," dia mandehana mody.

132 Eny àry, ranabavy, mihodìna fotsiny dia miverena, ary minoa. Mihenjana ianao ao amin'ny lohalikao, eto izany, ary ny aretim-ponao, sy ny sisa. Mihodìna fotsiny ary miverena any an-trano, manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo Jesosy," ary aoka ho salama. Minoa amin'izay rehetra ao anatinao.

133 Mino ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ahoana ny amin'ny ery, ny sasany aminareo olona, mino ve ianareo? ["Amena."]

134 Ramatoa kely mipetraka etsy, mainty volo, tratry ny androbe, mino ve ianao fa hanao anao ho salama Andriamanitra? Manaiky an'izany ve ianao? Eny àry. Raha manaiky ianao, dia Hataony izany.

135 Indro misy mpitory teny iray, mipetraka eto, mila fandehanana akaiky kokoa miaraka amin'Andriamanitra. Sa tsy izany, tompoko? Mino ve ianao fa hataon'Andriamanitra ho anao izany? Atsangano ny tànanao ka manaova hoe, "Manaiky an'izany aho." Ah-hah.

136 Ity ramatoa mipetraka eto ity, nampidina ny tànany. Tratry ny aretim-panahy izy izay eritreretiny. Marina izany.

137 Indro ny ramatoa kely iray eto, manontany raha hahazo ny zazakeliny izy. Marina izany. Efa tao amin'ny iray tamin'ireo fivoriako ianao. Izaho dia nampanantena anao, tamin'ny alàlan'Andriamanitra, zazakely iray. Sa tsy izany? Eny àry. Noho izany dia mandehana mody ary aoka hahazo an'izany. Aza manahy mikasika an'izany intsony.

138 Mino amin'ny fonareo rehetra ve ianareo, ianareo rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny tsirairay avy aminareo ve mino? ["Amena."] Ny Taranak'i Abrahama dia hahazo ny vavahady, ny vavahadin'ny fahavalo. Taranak'i Abrahama ve ianareo, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy? Atsangano ny tànanareo raha izy ianareo. ["Amena."]

Noho izany dia apetraho eo amin'izay mifanila aminareo ny tànanareo, eo amin'izay mifanila aminareo, eo amin'ilay iray hafa. Mifametraha tànana ianareo. Alaivo ilay vavahady ankehitriny. Anareo izany. Fanananareo izany. "Ny vavaky ny finoana dia hamonjy an'ilay marary. Andriamanitra hanangana azy ireo." Eny àry, mivavaha amin'ny fanaonareo manokana. Mivavaha amin'ny fanaonareo any amin'ny fiangonanareo. Mivavaha ho an'ny olona izay miaraka aminareo ankehitriny. Mifametraha tànana ary mivavaha.

139 Tompo Jesosy, tonga izahay ao amin'ilay, Anarana Tsitoha an'ilay Taranaka Mpanjaka lehibe, ilay Taranak'i Abrahama, izay nampanantenaina Azy teo amin'ilay tendrombohitra izay Nanomananao zanak'ondry iray; ary nametraka an'io zanak'ondry io tao amin'ilay an-efitra, zavatra mahagaga iray, tahaka ny Nataonao tamin'ireo vontsira, omaly.

Mivavaka aho, O Tompo Andriamanitra, mba Handefasanao ny Hery, ny finoana. Ary aoka ny Taranaka rehetra . . . Fantatro fa hanaiky izy ireo, Tompo, satria hoy Ianao hoe, "Ny Taranak'i Abrahama." Ary raha nisy anankiray eto izay nihambo ho ilay Taranaka, nefa tsy ilay Taranaka, dia mamelà azy ireo ny amin'ny fikasan'izy ireo eto, na fihamboana. Ary enga anie

ny Fanahy Masina izao ankehitriny izao hanao ny fanahin'izy ireo hirehitra miaraka amin'ny finoana velona. Aoka ny Fanahy Masina hanondraka ny fo rehetra ka hanasitrana ny olona rehetra eto. Mifametra-tànana izy ireo.

Hoy ilay Taranaka Mpanjaka hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametra-tànana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Ary ilay Anankiray Izay nanao ny teny fikasana dia manatrika izao ankehitriny izao, maneho ny Tenany fa eto Izy. Indro ilay Taranaka miaraka amin'ny tànana eo amin'ny iray hafa. "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Enga anie ny Fanahy Masina hikoriana manerana ny tsirairay avy amin'ireo tànany, mankao amin'ny fon'ny olona, mankao amin'ireo vatana, ka hanasitrana ny tsirairay avy izay ao amin'ny Fanatrehana Masina. Ekeo izany, Tompo.

Miteny mafy ny devoly aho. Miteny mafy ny tsi-finoana rehetra aho. Miteny mafy ny fanahy maloto rehetra aho. Miteny mafy ny mpihambo rehetra aho. Miteny mafy ny zavatra rehetra izay mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra aho. Ka aoka ny Fanahy Masina handray ny Toerany ao am-pon'ny olona, izao ankehitriny izao, amin'ny alàlan'ny finoana. Enga anie ny aretina rehetra sy ny fahararіana rehetra, ny fahoriana rehetra hiala amin'ny olona, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

140 Ankehitriny, ry Taranak'i Abrahama, ianareo avy amin'ny firazanana mpanjaka, ianareo avy amin'ny teny fikasana, nohon'ny fahasoavana sy ny fanampian'Andriamanitra, firy aminareo no afaka hanangana ny tànanareo, hanao hoe, "Nahazo an'izay nangatahako aho." Misaotra anareo. Izay ilay izy. Ho an'izany ny teny fikasana. Ho an'izany no nanomezana ny teny fikasana, mba hahatonga anareo ho mpandova ny zavatra rehetra, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy izay namonjy anareo. Namonjy anareo tamin'ny fahotana Izy. Namonjy anareo tamin'ny aretina Izy. Namonjy anareo tamin'ny fahafatesana Izy. Namonjy anareo tamin'ny helo Izy. Namonjy anareo tamin'ny fasana Izy.

141 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, fa handeha ao ampasana isika rehetra." Saingy tsy afaka mihazona antsika ny fasana. Izy dia nandeha tao amin'izany, ihany koa, saingy tsy afaka nihazona Azy izany. Izany tokoa. Tsy afaka mihazona Azy izany.

142 "Eny, Rahalahy Branham, tena nalaim-panahy aho." Izy dia izany, ihany koa. Saingy namonjy anareo tamin'ny fakampanahy Izy.

143 "Aza mitondra anay amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy." Hitanareo, efa Nataony izany. Anareo izany rehetra izany. Ny zavatra rehetra dia anareo, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Izy no manome anareo ny zavatra rehetra,

maimaim-poana. Tsy misy aloa amin'izany, na inona na inona. Anareo fotsiny izany izao ankehitriny izao. Tsy faly ve ianareo amin'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy sambatra ve ianareo nohon'ny Aminy? ["Amena."] Isaorana anie Andriamanitra.

144 Ankehitriny, hisy ireo fotoana, amin'ity, rahariva. Eny. Rahariva ilay izy, rahariva amin'ny fito sy sasany. Ny pasitera no havelako hiteny aminareo. Avia. Avia.

Ankehitriny, amin'ny Alahady maraina manaraka, raha sitraky ny Tompo tsara, dia hiverina aho hivavaka ho an'ny marary, ato amin'ny tabernakla, na aiza na aiza.

Mahazo Ny Vavahadin'ny Fahavalo MAG59-1108
(Possessing The Enemy's Gates)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina, 8 Novambra 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A, dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org